**TILY ETO MADAGASIKARA**

2018 - 2021

« Ny hoavy no aorintsika »

« Tano ny finoana ho ampinga »
Efes 6:16

FANABEAZANA

**DFB**

# VONTADY

## N'NYMPITARIKA

ANDRY SY SAHY

mpitarika

# TENY FANOLORANA

Misaotra an'Andriamanitra isika raha nahavita soa aman-tsara ny taom-panabeazana 2014 – 2015, izay taona voalohany niarahantsika niasa ato anatin'ny fe-potoam-piasana 2014 – 2018. Nandritra izay taona voalohany izay, dia niezaka ny Foibe Tily Eto Madagasikara nitety sy nijery ary namantatra ireo zava-misy manerana ireo Faritany Tily 27.

Koa ho famaliana ny hetahetanareo Mpanabe isam-paritany ny amin'ny tokony hisian'ny fitoviana manerana ny Nosy sy ahafahana manolotra fanabeazana manaraka kalitao ho an'ny beazina, ny Foibe Tily Eto Madagasikara dia nanapa-kevitra fa hanavao ireo Boky fanabeazana isan-tSampana, ary hampiasa izany manomboka amin'izao taom-panabeazana vaovao 2015 – 2016 izao.

Izao Boky izao, dia narafitra avy amin'ireo Boky fanabeazana isan-tSampana izay efa nisy teo aloha, nampandalovina ireo Zoky sy Tari-panofanana Tily Eto Madagasikara, nakana ny hevitry ny Filoha tany amin'ny Fihaonan'ny Filoha Tily (FIFITI) 2015 tany Toliara, ary nangalana fankatoavana avy amin'ireo rafitra isan'ambaratongany eto anivon'ny Fikambanana.

Ankoatra ny maha fitaovana fanabeazana ity Boky ity, dia hohitantsika ato ireo soa toavina izay mampiavaka ny fomba fanabeazana skoto. Tahaka ny Boky rehetra anefa, dia mety hisy zavatra tsy tonga lafatra ato, mety ho voafetra ihany koa izay voalaza ato, eny mety hiova mihitsy aza arakaraka ny vina sy ny laharam-pahamehana izay apetraka.

Fa mankasitraka ireo olona rehetra izay nifarimbona tamin'ny fanatontosana ity Boky ity isika, ary mirary antsika Mpanabe mba hazoto hamaky sy hampihatra izay voalaza ato, hahatonga ireo Lovitao, Tily, Mpiandalana ary Mpitarika manerana ny Nosy ho Vavolombelon'I Jesoa Kristy, Andrin'ny fianakaviana ary Olom-pirenena vanona.

"Ny hoavy no aorintsika" !

RAOELIJAONA Michel
(KALIA Miaritra)
Filohan'ny Foibe Tily Eto Madagasikara 2014 – 2018

# FITARIHAN-TENY

Mandalo vanim-potoana sarotra ny firenena Malagasy amin'izao fotoana izao. Eo ohatra ny fahasahiranana vokatry ny fisian'ny loza ara-boajanahary fa eo ihany koa ny fitotongan'ny toe-karena izay misy manerana izao tontolo izao ka iainan'ny Malagasy ihany koa. Manoloana ireo olana ireo anefa dia miroborobo fatratra ny teknolojia vaovao sy ny fanatontoloana. Ireny rehetra ireny dia misy fiantraikany eo amin'ny fiainan'ny olona, indrindra ny tanora, ka mahatonga ny fomba fanabeazana mila fivoarana ihany koa.

Ho famenoana ny banga eo amin'izany fanabeazana izany no antony nanorenan'I Baden-Powell na BiPi ny skotisma ka nametrahany fa fandraisana anjara ihany no ataon'ny fikambanana mba hahatonga ireo ankizy sy tanora beazina ao aminy ho vavolombelon'I Jesoa Kristy, ho olom-pirenena vanona ary ho andrim-pianakaviana. Ny fanatanterahana io zava-kendrena io dia noraisin'ny fikambanana skoto Tily Eto Madagasikara ho anjara asa fototra tanterahiny.

Dingana iray sady farany amin'izany fandraisana anjara amin'ny fanabeazana ny tanora izany ny ao amin'ny sampana Menafify. Ny tanora lehilahy 19 ka hatramin'ny 25 taona no beazina ao.

Mba hampitovy ny fomba fijery mahakasika ny sampana Menafify no anton'ny famoahana izao boky izao ka hampisy fahombiazana ny fanabeazana tanterahin'ny Tily Eto Madagasikara. Noho izany dia manentana ny rehetra izay mandray anjara na mivantana na an-kolaka amin'ny fanabeazana tanterahina ao amin'ny sampana Menafify mba hazoto hitrandraka sy hampihatra ary hanatsara hatrany.

Tsy mihambo ho manana ny fahafenoana rehetra ny mpandray anjara amin'ny fanomanana sy ny fanatontosana izao tahirin-kevitra izao. Azo atao tsara ny mandroso soso-kevitra ho fanatsarana amin'ny fampitana izany amin'ireo ekipa Foibe sy ny Tari-panofanana Menafify amperin'asa.

Ratsimbazafy Samy (Tetso Miantsa)

Foibe Menafify,

Ekipa Foibe Tily 2014-2018.

# FIZAHAN-TAKILA

FITARIHAN-TENY ........ 1
FIZAHAN-TAKILA ........ 2
I. TSIARO - FOTOTRA IJOROAN'NY MENAFIFY ........ 4
I.1. Ny niandohan'ny Menafify ........ 4
I.2. Ny fototra ijoroan'ny Menafify ........ 5
I.3. Ny vokatra tratrarina amin'ny fanabeazana Menafify ........ 6
I.4. Ny hairaha Menafify ........ 6
I.4.1. Famaritana ........ 6
I.4.2. Hairaha ........ 7
I.5. Fihetsiketsehana anaty fandaharana ........ 8
II. NY « VONTADY » ........ 10
II.1. Tany am-piandohana ........ 10
II.1.1. Famaritan-teny ........ 10
II.1.2. Famaritan-kevitra ........ 10
II.1.3. Ny Vontoatiny ........ 10
II.1.4. Ny nilana ny Von-tady ........ 11
II.1.5. Ny mpandray anjara ........ 11
II.2. Ny Vontadin'ny Mpitarika ........ 12
II.2.1. Foto-kevitra ankapobeny ........ 12
II.2.2. Foto-kevitra Menafify ........ 12
II.2.3. Endrika anehoana azy ........ 12
II.3. Fehiny ........ 13
III. RAFITRA SY FANDAMINANA ........ 14
III.1. Ny mpikambana ao amin'ny Menafify ........ 14
III.2. Ny Fokonolona Menafify ........ 14
III.3. Ny Fileovana Menafify ........ 14
III.4. Ny fizarana andraikitra ao amin'ny Fileovana ........ 15
III.4.1. Ny Zokiolona Menafify ........ 15
III.4.2. Ny Loholona Menafify ........ 15
III.4.3. Ny Mpitarika Tetik'asa ........ 16
III.4.4. Ny Mpandrary ........ 16
III.5. Ny fomba fiasa eo amin'ny Menafify ........ 16
III.5.1. Ny Filan-kevitry ny Fileovana ........ 16
III.5.2. Ny Filan-kevitry ny Fokonolona ........ 16
IV. FAMPIHARANA NY FOMBA FANABEAZANA SKOTO EO AMIN'NY MENAFIFY ........ 17
IV.1. Ny fibeazana amin'ny alalan'ny asa ........ 17
IV.2. Ny fivoaran'ny tsirairay ........ 18
IV.2.1. Ny Ambaratonga Menafify ........ 19
IV.2.2. Ny Talenta Menafify ........ 22
IV.2.3. Fizotran'ny fanolorana Ambaratonga sy Talenta ........ 26
IV.3. Ny Lalàna sy Fanekena ........ 27
IV.3.1. Ny Lalàna folon'ny Tily ........ 27

IV.3.2. Ny Fanekena Tily ........................................................................................27
IV.3.3. Ny Fanekena Fanorenana ..........................................................................28
IV.3.4. Ny lalànan'ny fiaraha-monina .....................................................................30
IV.4. Ny fifaneraserana amin'ny olon-dehibe .............................................................30
IV.4.1. Fifaneraserana amin'ny ato anatin'ny fikambanana ......................................30
IV.4.2. Fifaneraserana amin'ny ivelan'ny fikambanana ............................................31
IV.5. Ny fiainam-bondrona ........................................................................................31
IV.6. Ny fandalana ny fiainana ankalamanjana ............................................................32
IV.6.1. Ny Lasy Menafify .......................................................................................32
IV.6.2. Ny Fisindana .............................................................................................32
IV.6.3. Ny Fizahan-tany .........................................................................................32
IV.7. Ny Fomba sy Tarazo .........................................................................................33
IV.7.1. Ny fanamiana Menafify ...............................................................................33
IV.7.2. Ny fifamoriana Menafify .............................................................................34
IV.7.3. Filamatra – Tarigetra – Hiaka– Hira .............................................................35
IV.7.4. Ny Fitohizan-tsampana ...............................................................................37
IV.7.5. Fandraisana mpikambana vaovao .................................................................38
IV.7.6. Ny Fanekena Fanorenana ............................................................................39
IV.7.7. Tarazo fanolorana ny Mpitarika ny Tetik'asa (Tomboka Tetik'asa) .................40
IV.7.8. Ny Firahalahiana Menafify ..........................................................................41
V. NY TETIK'ASA SKOTO ..........................................................................................42
V.1. Dingana fananganana sy fanatanterahana ny tetik'asa skoto ................................42
V.1.1. Ketrika .......................................................................................................43
V.1.2. Vontady ......................................................................................................43
V.1.3. Ampamoloana .............................................................................................44
V.2. Karazana tetik'asa azo atao ................................................................................44
V.2.1. Ny asa fitoriana ny Filazantsara ..................................................................45
V.2.2. Ny tetik'asa famokarana .............................................................................45
V.2.3. Ny tetik'asa fikarakarana hetsika .................................................................45
V.2.4. Ny tetik'asa ho fampandrosoana ny fiaraha-monina .......................................45
V.3. Ny drafitry ny bokin'ny tetik'asa .........................................................................46
V.4. Ny Loko Menafify ...............................................................................................47
V.5. Ny Foaran'ny Tetik'asa (FOTASA) .......................................................................48
V.6. Firaisan-kina sy fiaraha-miasa ............................................................................50
V.7. Ny mikasika ny ara-bola eo amin'ny Menafify .......................................................51
VI. NY FITSOFAN-DRANO MENAFIFY ..........................................................................52
VI.1. Ny mikasika ny beazina hotsofin-drano .............................................................52
VI.2. Ny Tarazo fitsofan-drano Menafify ....................................................................52
VI.3. Club ................................................................................................................54
TENY FAMARANANA ..............................................................................................55
TOVANA 1 : HIRA FILAMATRA MENAFIFY ...............................................................56
TOVANA 2 : HIRA FIANTSOANA MENAFIFY ..............................................................57
TOVANA 3 : HIRAN'NY FOTASA MENAFIFY ..............................................................58
FISAORANA ............................................................................................................59

# TSIARO - FOTOTRA IJOROAN'NY MENAFIFY

## **I.1.** Ny niandohan'ny Menafify

Ny taratasy voaray avy tany amin'ny « Bureau Mondial du Scoutisme » na BMS, mikasika ny tetika sy fomba hanatsarana ny fanabeazana, dia nanoro hevitra ny tokony hamerenana ny fandinihana ny fizaran-taona isan-tsampana. Tamin'izany dia voalazan'io torolalana io fa tsy voatery ho sampana telo araka ny mahazatra no hisy fa afaka ampitomboina ho sampana efatra na dimy izay miankina indrindra amin'ny filàn'ny sokajin-taona misy isaky ny Firenena sy ny Fikambanana Skoto Nasionaly tsirairay.

Nisy araka izany ny tsirin-kevitra hizarana ny Sampana Mena ho roa ka hotazomina ho Mpiandalana ny sampana zandriny ary hasiana kosa ny "Sampana Mpiandalana Zokiny" izay hiompana kokoa amin'ny fanomanana ny beazina hiatrika ny tena fiainana.

Ny Foibe Tily rehefa nandinika tokoa dia nitondra ny hevitra efa masaka teo anatrehan'ny POW WOW 1988 natao tany SADABE. Tapaka tamin'izany fa atsangana ny sampana faha-efatra ato amin'ny Tily Eto Madagasikara izay nomena ny anarana hoe: Sampana Menafify. Ahena taona iray ny ijanonan'ny beazina ao amin'ny Sampana Maitso ary ny taonan'ny Sampana Mena no hizarana io sampana faha-efatra io.

Hatramin'ny taona 1988 araka izany dia nisy ny Sampana Menafify ary mamaly ny filàna sy ny hetahetam-pibeazan'ny tanora hahafahany hiatrika ny tena fiainana. Nanamafy izany ny fivoriana nasionaly rehetra nataon'ny mpanabe Tily, toy ny teny Vinany taorian'ny 1988, ny tao amin'ny FJKM Fiadanana Martiora tamin'ny taona 1991 ary ny tao amin'ny ENS Ampefiloha tamin'ny taona 2001.

Ny Fihaonam-ben'ny Filoha natao teny Ilafy tamin'ny taona 2002 no nanapahana fa ny mpikambana beazina rehetra ao amin'ny Sampana Menafify dia antsoina hoe Tily Menafify na MPITARIKA.

Ny Fihaonan'ny Filoha Tily izay antsoina hoe: FI.FI.TI. taty aoriana dia nanamafy, toy ny teny amin'ny LTC ALAROBIA Antananarivo ny taona 2010, fa ny Faritany rehetra eto anivon'ny TEM dia manendry Filoham-Paritany Menafify na dia atao aza hoe tsy mbola misy Menafify ao aminy mba hahafahana manangana sy mampiroborobo azy.

## I.2. Ny fototra ijoroan'ny Menafify

Ho an'ny mpikambana fototra na mpikambana beazina dia dingana farany lalovana eo amin'ny sehatry ny Tily eto Madagasikara ny Menafify. Araka izany ity sampana ity, ary toy izany hatramin'ny taona 1988 izay nanorenana azy, dia:



Ny hamotopotorana ny tian-kahatongavana dia ny tahotry ny ho diso làlana.

Pr Ratsimamanga, TILY.

- Manomana ny Menafify amin'ny asa fivelomana na fanampim-pivelomana (formation Pré-professionnelle),
- Mampivelatra ny fahafaha-mamoron-javatra ho enti-manatsara ny fiainana (initiatives et créativités),
- Mirotsaka amin'ny famokarana sy fanatsarana ny fiaraha-monina (insertion sociale),
- Manomana feno ny tsirairay amin'ny fiainam-pianakaviana,
- Manome sehatra bebe kokoa hatrany ny tsirairay ho tena Kristiana mijoro sy ho fitaovana hampandrosoana ny Fiangonana.

Izany hoe io no sehatra anatevenana ny fahaiza-manao sy entin'ny tsirairay miatrika ampahamendrehana ny fiainana andavan'andro. Io no sehatra farany ho an'ny mpikambana fototra anivon'ny fikambanana tokony hahatanterahan'ny maha olona feno. Foto-pisainana fototra ho an'ny Menafify ny hoe:

**"Fihetsiketsehana sy atrikasa tena izy no atao izay tanterahina anatin'ny tontolo tena izy, araka ny tokony ho izy sy amin'ny endriny tena izy ary araka ny takian'ny fianakaviana sy ny fiaraha-monina ary ny Fiangonana."**

Araka izany dia ny tontolo andavanandro mihitsy no atrehin'ny Menafify, tontolo andavanandro misy fihariana sy fitadiavana, tontolo andavanandro misy fiainam-piaraha-monina samihafa ary tontolo ivelaran'ny Fanatontoloana. Hibanjina izany fijery izany ny fiatrehana ny Menafify.

Tsindriana mafy ao izany ny fanatanterahana sahan'asa fiomanana ho amin'ny fihariana sy sosialy. Atrehina ao ihany koa ny fanohizana ny fikatsahana ny soa iombonana amin'ny endriny matomatotra kokoa, izany hoe manakaiky ny tena izy.

## **I.3.** Ny vokatra tratrarina amin'ny fanabeazana Menafify

Heverina fa tokony hananan'ny tanora nandalo tato amin'ny Sampana Menafify izay voafaritra ho fahafenoana tratrarin'ny tanora beazina ato amin'ny fikambanana Tily Eto Madagasikara dia ny ho **Vavolombelon'I Jesoa Kristy**, ho **Olom-pirenena vanona** ary ho **Andrim-pianakaviana**.

Koa ny vokatra tratrarina ato amin'ny Menafify dia azo fehezina araka izao fenitra izao:

OLONA KALITAO, MAHAFA-PO NY TENANY SY NY FIANAKAVIANA, MAHAFA-PO NY HAFA SY NY FIARAHA-MONINA, MAHAFA-PO NY FIANGONANA AMIN'NY ATAONY REHETRA ARY MAHOMBY ARA-PITANTANANA SY FIHARIANA **no vokarin'ny MENAFIFY.**

## **I.4.** Ny hairaha Menafify

Rehefa samy resy lahatra ny ankamaroan'ny mpanabe sy ny tompon'andraikitry ny fanabeazana teto amin'ny Fikambanana fa atao izay hampijoroana ity sampana faha-efatra ity dia nametraka fomba fototra ireo Filoha nomena andraikitra tamin'izany mba hahatongavana amin'ireo tanjona nambara teo ambony. Ity fomba fototra ity dia niainga avy tamin'ny zava-nisy nampiharin'ireo efa nanangana ny Menafify hatrany am-piandohana sy nandritra ny taona maromaro nisiany ary mifototra amin'ny soatoavina Malagasy sy ny fomba amam-panao teo amin'ny Ntaolo. Napetraka ho filamatra ho enti-manabe ato amin'ny Sampana Menafify izany fomba fototra izany ary atao hoe **HAIRAHA MENAFIFY**.

### **I.4.1.** Famaritana

Ny Hairaha dia teny roa natambatra ho iray: HAI + RAHA.

a. **HAY:** Izay rehetra voafehin'ny fihetsehan-tsaina, azo antoka, hitokisan-tena, fahalalana nombam-pandalinana ka azo ampiharina amin'ny sehatra ilana azy.

b. **RAHA:** Zavatra na toe-javatra voafehy.

*Raha (fiteny anindran-tany): entina milaza zavatra, ohatra : « ndeso aty heiky io raha io », midika hoe : ento mankaty ange io zavatra io, azafady ;

*Raha (fiteny anivon-tany): tambin-teny entina milaza fisalasalana, na faniriana. Ohatra: "...Raha vitantsika izany dia hisosa ho azy ny fihariana".

*Raha (foto-teny): tao (atao), "raharaha", andraikitra, asa tanterahina.

**d.** HAIRAHA: araka izany dia fahaizana na fahafehezana zavatra na toe-javatra iray na maromaro, ahitana tetika maty paika, ka azo antoka hahazoana vokatra tsara.

### I.4.2. Hairaha

Ny Hairaha Menafify no foto-java-makadiry iorenan'ny Sampana Menafify.

Toy izao no firafitry ny HAIRAHA MENAFIFY izay aseho amin'ny dingana telo mazava tsara:

- Dingana voalohany: « Ny Ketrika Menafify »

Ny Ketrika Menafify dia sehatra ifampidinihana sy ifanakalozan-kevitra enti-manangana fandaharana na fihetsiketsehana iray na maromaro. Miketrika ny saina, mifanakalo hevitra mba hahazoana hevitra tsara hiaraha-manaiky sy manatanteraka. Oharina amin'ny fahandroana sakafo izany: ilaina ny sakafo ahandroana, ny afo enti-manamasaka, ny kitay mahaketrika ny nahandro, ny mpahandro ary ny fitaovana enti-mahandro. Ireo dia ilana fandaniana: vola, fotoana, hery, ....

Tsy maintsy misy ny vokatry ny ketrika dia volavolan-kevitra masaka, fehin-kevitra niaraha-nanaiky ka iaraha-manatanteraka.

Ny Sampana Menafify araka ny voalaza tetsy aloha dia fanomanana ho amin'ny asa fivelomana na fanampim-pivelomana. Mazava ho azy fa izay rehetra **hoketrehina** dia kendrena ny hitody amin'izany.

- Dingana faharoa: « Ny Vontady »

Ny Vontady dia fomba fototra iorenan'ny maha-Menafify izay miantoka ny fahamasahan'ny KETRIKA na nahandro atao. Ny nahandro rehetra dia mila mpikarakara, fotoana hihinanana, toerana mendrika, fitaovana ampy sy tsara mba hahatomombana ny fanasana. Mitaky **fandaminana matotra** sy tetika tsara rindra **ifanekena** sy **ifanarahana** izany, izay AVONA amin'ny TADY sy raketina **an-tsoratra** anaty BOKY VOLAMENA.

Izany indrindra no antony nametrahana ny lohatenin'ity boky toro-làlana ity ho: **"VONTADIN'NY MPITARIKA"** (Jereo ny fanazavana momba ny "VONTADY").

- Dingana fahatelo: « Ny Ampamoloana »

Araka io anarany io dia SEHATRA ity Ampamoloana ity, sehatra hanatanterahana izay rehetra novolavolaina nandritra ny KETRIKA ka natao VONTADY.

Teo amin'ny Ntaolo Malagasy ny "Ampamoloana" dia toerana fanangonam-bary, fivelezam-bary, fanahazam-bary alohan'ny hitahirizana azy ho any an-tsompitra.

Teo am-pamoloana koa, rehefa samy torovandrovan'ny lahasa iny, dia toerana fihaonan'ny mpiray vodirindrina, ny mpihavana, ny mpiray raharaha, ny indray mihira ary ny ray aman-dreny sy zanaka ary toerana ifanakalozan-kevitra, ialana voly, ilalaovana, ifaninanana kabary, anaovana hain-teny mifamaly, ampiadiana ravin-kazo ary fifaninanana hatsaran-tarehy sy ny sisa ihany koa.

Eto amin'ny Sampana Menafify ny "Ampamoloana", araka ny voalaza teo aloha dia toerana hampiharana izay rehetra noketrehina ka navonan'ny tsirairay ary nifanekeny hotanterahina nandritra ny Vontady. Anisan'izany ny fandaharam-panabeazana isan-karazany, ny tetik'asa, ny Foaran'ny Tetik'asa na FOTASA, ireo hetsika nasionaly sy hetsika isam-paritany, ny asa firotsahana ary ny Asa Fitoriana ny Filazantsara, ....

Mifamatotra ny KETRIKA sy ny VONTADY ary ny AMPAMOLOANA. Raha tsorina dia toy izao:

**KETRIKA**: Sehatra iadian-kevitra, ifanakalozan-kevitra, ipoiran'ny hevitra iraisana ka ifanekena fa iaraha-manatanteraka.

**VONTADY**: Fomba enti-manamatotra sy mandrakitra ny rehetra tapaka tao amin'ny Ketrika. Mety hisy vontady maromaro ateraky ny ketrika. Fomba iantohana ny hahatanterahana ny atao rehetra ao amin'ny Menafify io ary manasongadina ny teny ifampierana.

**AMPAMOLOANA**: Toerana fanatanterahana ny Ketrika navona tamin'ny tady sy noraketina tao anaty Boky Volamenan'ny Fokonolona na Fileovana. Mety hiovaova io araka ny Faritra sy sehatra misy ny mpanatanteraka.

## **I.5.** Fihetsiketsehana anaty fandaharana

Karazana fihetsiketsehana maro no azon'ny Menafify tanterahina rehefa tsy mivaona amin'ny fototra ijoroan'ny Menafify izay voalaza tany aloha. Anisan'izany ireto:

- ASA FITORIANA NY FILAZANTSARA (ataon'ny mpikambana rehetra),
- FAMPIHARANA NY AMBARATONGA MENAFIFY araka ny voasoratra ao amin'ny Torolalana,

- FISINDANA AN-TSAHA (Lasy, Foaran'ny tetik'asa),
- FIZAHAN-TANY,
- FITSIDIHANA ORINASA,
- KETRIKA MENAFIFY (Karoka, Fanentanana, Lalao samihafa, ...),
- FITRANDRAHANA sy FANOLORANA TALENTA,
- FANDALANA IREO KOLOTSAINA MALAGASY,
- ATRIK'ASA SAMIHAFA mikasika ny fahasalamana sy ny fananahan'ny tanora – ny fanabeazana ara-piainam-pianakaviana – ny rano fisotro madio sy ny fahadiovana, ...,
- TETIK'ASA (lavitr'ezaka sy fohy ezaka),
- ASA FIROTSAHANA EO AMIN'NY FIARAHA-MONINA (Ady amin'ny tsy fahaiza-mamaky teny sy manoratra, Fanentanana momba ny fahasalamana, atrika loza voajanahary, Fanomezan-drà maimaimpoana, ...),
- FANAOVANA FANATANJAHAN-TENA,
- FIKARAKARANA FETY SY LANONANA mifanaraka amin'ny soatoavina Tily,
- FIRAHALAHIANA MENAFIFY (Fiaraha-mifaly sy fiaraha-misakafo),
- FIVORIANA MOMBA NY VONTADY MENAFIFY,
- FIARAHA-MIASA AMIN'NY SAMPANA NA FIKAMBANANA HAFA (Mpiara-miombon'antoka na mpanohana).

# II. NY « VONTADY »

## II.1. Tany am-piandohana

### II.1.1. Famaritan-teny

Teny roa natambatra ny « VON-TADY » dia VONA (fatotra) sy TADY (karazana kofehy vita avy amin'ny taretra, natao randran-telo, antsoina koa hoe TADY MAHAZAKA).

### II.1.2. Famaritan-kevitra

Ny atao hoe « VON-TADY » dia « DINA » natao hifampifehezan'ny FOKONOLONA mpiara-belona sy mpiray Faritra mitovy fomba amam-panao ka « VON-TADIM-POKONOLONA » no niantsoana azy tamin'izany.

### II.1.3. Ny Votoatiny

Araka ny famaritan-kevitra voalaza itsy ambony, ny "VONTADIM-POKONOLONA" dia "DINA" ifampifehezan'ny mpiray faritra, mpiara-monina, mitovy fomba amam-panao, ka ny teny ifampierany eo amin'ny toe-javatra iray na roa na mihoatra no ifanekeny hotanterahana ka aseho amin'ny alalan'ny vona amin'ny tady mahazaka efa vonona eo anoloan'ny Zokiolona izay mpitarika ny fivoriana. Arakaraky ny hevi-baventy tapaka no isan'ny vona atao. Tsy azon'olom-bitsy vahàna izay voavona raha tsy eo imason'ny Zokiolona sy ny Loholona ary ny Fokonolona rehetra niara-nanangana ny « VONTADY ». Rehefa tanteraka izay nifanarahana, na raha toa ka vita araka ny niheverana azy ny asa nifanekena dia vahàna ny vona ary manao « Vontady » hafa indray, araka izay takian'ny fokonolona. Misy anefa vontady tsy vahàna mihitsy.fa mitoetra maharitra.

Nisongadina indrindra ny fanaovana ity von-tady ity teo amin'ny asa ifanampiana mahasoa ny tsirairay sy ny asa iombonana mahasoa ny maro. Voafaritra ao anatiny ao ny sazy na famaizana izay mihoa-pefy na izay maningana tsy mahaefa izay nifanekena.

### II.1.4. Ny nilana ny Von-tady

Teo amin'ny Ntaolo Malagasy ny Von-tady dia:

- Nentina nandamina ny fitantanana : ara-pitondràna ara-toe-karena ara-piaraha-monina,
- Nahaizany nifanaja sy nifankato ka nahombiazany tamin'izay rehetra nataony,
- Nandalàny ny fehim-pihavanana, na an-karatsiana, na an-kafaliana,
- Natao hitehirizany ny hasarobidin'ny « TENY IFAMPIERANA » izay isan'ny foto-pisainana maha-malagasy ny Malagasy,
- Fanajàna ny soatoavina Malagasy.

### II.1.5. Ny mpandray anjara

Ny Zokiolona indrindra eo amin'ny mpiray faritra :

- Mpitantana ny "Von-tadim-pokonolona",
- Mpandamina ny zava-mitranga rehetra,
- Mpitahiry ny "VON-TADY",
- Mpampahatsiahy izay nifanekena nandritra ny von-tady,
- Mampihatra ny "DINA" nifanaovana,
- Tompon'antoka amin'ny fampiharana ny "Von-tadim-pokonolona".

Ireo Loholona isam-pianakaviana :

- Mpanampy ny Zokiolona,
- Mpanolo-tsaina ny Zokiolona,
- Mpandrindra ny adi-hevitra rehetra mitosaka,
- Mpamatotra ny « VONA »,
- Mampihatra ny « VON-TADY ».

Ny Fokonolona mpiray faritra :

- Tompon'ny « VON-TADY »
- Mpanatanteraka ny « VON-TADY »
- Tompon'ny teny farany afaka mamatotra sy/na mamaha ny voarakitry ny « Vontady ».
- **Ny fivoriam-pokonolona irery ihany no afaka mamaha na manamafy ny fatotra atao amin'ny « Von-tady ».**

## II.2. Ny Vontadin'ny Mpitarika

### II.2.1. Foto-kevitra ankapobeny

Niainga avy tamin'ny foto-kevitry ny « VON-TADIM-POKONOLONA » araka ny novahavahana tetsy aloha ny "VONTADIN'NY MPITARIKA". Na ny heviny, na ny vontoatiny, na izay ilàna azy dia izay noraketin'ny tany am-piandohany no iorenany. Ny fomba enti-mampihatra azy no nampifanarahana tamin'ny fototra ijoroan'ny Menafify sy ny hokendrena eo amin'ny beazina ary ny tanjon'ny Sampana izay miorina amin'ny zava-kendren'ny Fikambanana Tily eto Madagasikara.

### II.2.2. Foto-kevitra Menafify

Zatovolahy feno 19 taona hatramin'ny 25 taona no beazina sy mifampitaiza ao amin'ny Sampana Menafify. Noho io vanin-taona io isehoan'ny fivoaran'ireo tanora ara-batana, ara-tsaina, ara-toe-tsaina, ara-panahy ary ara-pihetseham-po dia tena ilaina ny **arofanina** hitarihana azy ireo mandrakariva amin'ny làlana tsara. Ilaina koa ny **teny ifampierana** hisian'ny risi-po amin'izay rehetra atao. Ary indrindra ilaina ny **DINA ifampifehezana** hiteraka fahombiazana ka hampandroso ny tenany sy ny hafa. Izany no foto-java-makadiry nandraisana ny **« VONTADY »** ho **FOMBA SY TARAZO** enti-manabe ao amin'ity Sampana faha-efatra ity ary iray izay tena mampiavaka ny Menafify miohatra amin'ireo Sampana telo zandriny.

### II.2.3. Endrika anehoana azy

Ny hetsika rehetra tanterahina eo anivon'ny Menafify dia ahazoana mampiasa ny Vontady, indrindra eo amin'ny fanatanterahana ny "TETIK'ASA".


Ireto no fitaovana ilaina:

- **TADY LAVA**: (arakaraka ny hevitra hotapahina ny halavan'ny tady sy habeny),
- **BOKY VOLAMENA**: manana boky volamena ny Fokonolona tsirairay mba handraketany izay rehetra ifanekena ka atao **"VONTADY"**.

  Raketina ao ireto:

  - Ny mpandray anjara rehetra miantomboka any amin'ny MPITARIKA (Zokiolona, Loholona, Mpitarika tetik'asa),
  - Ireo hevitra rehetra notinapaka,

- Ny anjara andraikitra manandrify ny tsirairay,
- Ny fe-potoana hanatanterahana azy,
- Ny fepetra takian'izany,
- Ny sazy na famaizana ho an'izay tsy nahatanteraka na izay mihoa-pefy,
- Ny sonian'ireo rehetra nandray anjara.




## II.3. Fehiny

Ny foto-kevitra voarakitry ny Vontady dia tokony tsy hiova na oviana na oviana fa ny endrika anehoana azy dia azo hatsaraina araka ny zava-misy atrehina sy takian'ny fanabeazana.

# III. RAFITRA SY FANDAMINANA

Amin'ny maha-sampana skoto azy dia manaja sy manaraka ny lamina toy ny sampana rehetra misy eo anivon'ny fivondronana ny Menafify.

## III.1. Ny mpikambana ao amin'ny Menafify

Zatovolahy feno 19 taona ka hatramin'ny 25 taona no miara-miaina ao anatin'ny Menafify. Amin'ny maha fitohizan-tsampana azy dia tovolahy Mpiandalana feno taona no miditra ao. Tsy voafetra anefa ny fidiran'ny Mpikambana vaovao.

## III.2. Ny Fokonolona Menafify

Miaina anatin'ny fiainam-bondrona atao hoe **Fokonolona** ny Menafify izay ahitana tovolahy 4 ka hatramin'ny 8 mifanabe. Mirotsaka anatin'ny Fokonolona ny mpikambana tsirairay ary maharitra ny fiainany ao anatin'io fokonolona io. Ireo mpikambana ireo no misafidy ny anaran'ny Fokonolona hivelarany ka anaran'olo-malaza efa nodimandry teo amin'ny Fivondronana, na ny Fiangonana, na ny faritra misy azy, na ny Firenena no raisina. Ny toetra tsaran'io olo-malaza io no isafidianan'izy ireo izay ho tarigetran'ny Fokonolona ary ny fametrahana ny maha-izy azy ny fokonolona no hery manosika ny tsirairay amin'izany safidy ataony izany.

Manana ny Boky volamenany ny Fokonolona ka ao no iraketany ny tantarany sy ny mahakasika azy rehetra mba hipetraka ho an'ny mpandimby ao aoriana.

## III.3. Ny Fileovana Menafify

Ny Fokonolona 2 ka hatramin'ny 4 mitambatra no miforona ho Fileovana iray.

Manana ny anarany ihany koa ny Fileovana dia ny anaran'ny Fiangonana na ny toerana misy azy, miampy mpamari-toetra iray mba hampiavaka azy amin'ny sampana Mena (Ohatra: Fileovana Ambohimanga Mijoro).

## III.4. Ny fizarana andraikitra ao amin’ny Fileovana

### III.4.1. Ny Zokiolona Menafify

Manana mpiandraikitra iray ny Fileovana dia ny Zokiolona Menafify izany. Izy no mpitantana sy mpandrindra ny sampana. Manao fangatahana andraikitra tahaka ny Mpiandraikitra rehetra eo amin’ny sahan’ny T.E.M izy isaky ny fiiandohan’ny taom-pitaizana.

Afaka manolotra soso-kevitra ny amin'izay olona tiany ho Zokilona ny mpikambana ao amin'ny Fileovana. Ampitaina amin'ny Toniam-pivondronana izany ary izy no manolotra ny soso-kevitra amin'ny Komitim-pivondronana. Ny Komitim-pivondronana no tompo-marika farany amin'ny fanendrena izay Zokiolona hitany fa mendrika hiandraikitra ny sampana Menafify. Ny olana rehetra mikasika ny fiandraiketana ato amin'ny Menafify dia ny Komitim-pivondronana no mandamina azy.

Antony maromaro no nametrahana ny Zokiolona Menafify ho tokana. Anisan’izany ny maha-taninketsan’ny Mpiandraikitra ny Menafify ka ny mpikambana rehetra ao, na mbola beazina aza, dia efa azo omena sehatra avy hatrany handray andraikitra, indrindra ny amin’ny fibeazan-tenany.

Ny mpikambana rehetra ao amin’ny Menafify ihany koa dia afaka manampy ny Zokiolona amin’ny fanatanterahana ny andraikiny. Fiomanana sahady amin’ny fandraisana andraikitra tokony hataony izany.

### III.4.2. Ny Loholona Menafify

Izy no Loham-bondrona ka tompon’andraikitra voalohany eo amin’ny Fokonolona. Atolotry ny Fokonolona izy ary tendren’ny Zokiolona Menafify. Ny Loholona no mandray ny toeran’ny Zokiolona Mpanampy amin’izay rehetra ilàna izany.

### III.4.3. Ny Mpitarika Tetik'asa




Izy no tompon'ny tetik'asa tanterahin'ny Fokonolona na nanolotra sy tompon-kevitra tamin'zany ka tompon'antoka amin'ny fitarihana azy. Ny mpiray fokonolona sisa kosa dia mpandray anjara amin'ny tetik'asa avokoa.

Ny mariky ny mpitarika tetik'asa dia apetraka eo amin'ny sandry havanana, eo ambanin'ny marika "Tily Eto Madagasikara".

### III.4.4. Ny Mpandrary



Ny Mpandrary dia olona iray napetraky ny mpiray fokonolona na ny mpiray fileovana ho mpanetsiketsika sy mpanentana ny mpitarika (menafify) rehetra. Mpitarika miserasera, mitady ny tsy tonga, manara-maso sy mijery ny tsirairay, miara-miasa ary manampy ny loholona. Izy no kofehy mampitohy ny tsirairay anaty vondrona. Izy dia ilay olona tonga mivory foana ary manana fandavan-tena mandeha mitsidika ny tsirairay.

Mitondra ny marika maha-mpandrary izy ka apetaka eo ambon'ny paosy misy ny Ravinala ary mifanandrify amin'ny mariky ny Skoto Afrika izany.

## III.5. Ny fomba fiasa eo amin'ny Menafify

### III.5.1. Ny Filan-kevitry ny Fileovana

Sehatra fanapahan-kevitra ahitana ny zokiolona sy ny loholona io. Ny Filan-kevitry ny Fileovana ara-potoana io dia tanterahana farafaharatsiny in-dray mandeha isaky ny telo volana. Ny fanatanterahana filan-kevitra tsy ara-potoana dia miankina amin'ny fiantsoana manokana ataon'ny zokiolona na miankina amin'ny fangatahan'ny loholona.

### III.5.2. Ny Filan-kevitry ny Fokonolona

Sehatra fanapahan-kevitra iraisan'ny mpiray fokonolona izy ity. Ao no hamaritana izay mety ho andraikitra hafa hita eo anivon'ny fokonolona. Ny filan-kevitry ny fokonolona dia tanterahana

fara-faharatsiny indray mandeha isam-bolana. Ny fanatanterahana ny filan-kevitra tsy ara-potoana kosa dia miankina amin'ny fangatahan'ny Mpitarika tetik'asa na koa ny fangatahan'ny mpiray fokonolona.

# IV. FAMPIHARANA NY FOMBA FANABEAZANA SKOTO EO AMIN'NY MENAFIFY

Tahaka ny hita eo amin'ny sampana rehetra anivon'ny fikambanana dia ny tsirairay no tompon'antoka voalohany amin'ny fampivelarana ny tenany. Misongadina izany amin'ny fanomezana sehatra sy fahafahana ny tsirairay hisafidy izay Fokonolona hivelarany, ny fiezahan'ny tsirairay hanana fandavan-tena amin'ny fanatanterahana ny asam-pokonolona, ny fikarohan'ny tsirairay tetik'asa hivelarana sy hampivelarana ny mpiray antoka aminy. Eo indrindra ihany koa ny fisafidianana ireo talenta manokana izay hofolahina mba hampivoatra azy mandritra ny fiainany ao anatin'ny Sampana Menafify.

## IV.1. Ny fibeazana amin'ny alalan'ny asa

Tena manao atrik'asa na tetik'asa araka ny lalàna sy didy misy eo amin'ny toerana misy azy ny Menafify. Ny sehatr'asa rehetra dia azony andraisana anjara ary mety hiarahany miasa amin'ny olona ivelan'ny Fikambanana.

Entanina manokana ny Mpitarika tsirairay mba handray anjara sy hijery ary hiezaka hamantatra tsara ny zava-misy manodidina azy. Amporisihina ihany koa izy ireo hitarika sy hanatontosa ary hanohana sy hizara traik'efa amin'ny Mpitarika namany.

Ny didy aman-dalàna misy eo amin'ny toerana sy firenena hiasana sy ny Fototra ary ny Zava-kendren'ny skotisma ary ny soatoavina Tily no mametra ny fahafaha-miasa.

Ny atrik'asa rehetra dia iaraha-manapaka eo anivon'ny filan-kevitry ny Fileovana rehefa avy nodinihin'ny mpiray Fokonolona. Ny atrik'asa na TETIK'ASA MENAFIFY na TETIK'ASA SKOTO dia faritana ara-potoana (ny fiandohany sy fiafarany, fohy ezaka na lavitr'ezaka). Ny atrik'asa tsirairay dia samy misy tompon'andraikitra mivantana. Midadasika ny fomba fitantanana ny atrik'asa fa ny fahombiazana no andrefesana sy itsarana azy.

Ny Tetik'asa izay ifotorana dia ampifanarahana hatrany amin'ny sehatra irotsahan'ny MTEM anatin'ny vanim-potoana voafaritra.



Manefy olona feno, sahy amin'ny lafiny rehetra ny skotisma, olona sahy mandray andraikitra ary matahotra an'Andriamanitra. Ny Menafify dia midika ho fahafenoana, hatsarana, ka ny tetik'asa rehetra tanterahina dia natao hitarihana amin'izany.
ARMSTRONG, BOY SCOUT OF AMERICA: OHATRA BE

Ireto sehatra ireto ohatra dia azon'ny Menafify andraisana anjara:

1. Fandalinana sy fampiainana ny soatoavina Malagasy sy ny soatoavina Tily,
2. Fifandraisana eo amin'ny samy Malagasy sy ny Iraisam-pirenena,
3. Fianakaviana,
4. Fahadiovana, fiarovana, fahasalamana,
5. Fampandrosoana ny asan'ny Fiangonana sy ny Fitaizam-pinoana,
6. Tetika sy teknika ary teknolojia vaovao,
7. Fandraisana anjara amin'ny fampivelarana ny Fikambanana M.T.E.M.
8. Zon'ny ankizy sy ny tanora,
9. Tanindrazana (ivelan'ireo efa voatsinjara anatin'ny lohahevitra ambiny izay efa endriky ny fampivelarana ny tanindrazana),
10. Fitandroana sy fikajiana ny tontolo iainana,
11. Ady amin'ny fahantrana,
12. Ady amin'ny habadoana,
13. Fahaiza-mitantana ny haren'ny Malagasy: harena an-kibon'ny tany, ...
14. Fikajiana ny fandriam-pahalemana,
15. Atrika loza ara-boajanahary,
16. Fampivelarana ny fahaiza-mamorona.

## IV.2. Ny fivoaran'ny tsirairay

Mamaritra fomba fibeazana miandalana ary tsikelikely ny skotisma. Fitaovana iray napetraka hatrany am-boalohany hanatanterahana izany ny Ambaratonga. Ny Talenta kosa dia fivoarana araka izay manandrify sy safidian'ny tsirairay. Ireo fomba fandrefesana roa ireo dia

samy omen-danja tanteraka ato amin'ny Menafify mba ho feno tokoa ny fomba fanabeazana skoto atolotra ho an'ny tanora mandalo ao amin'io sampana io.

### IV.2.1. Ny Ambaratonga Menafify

Ny skotisma dia mampivelatra ny tsirairay amin'ny alalan'ny fanomezana azy ny fomba fibeazana miandalana sy mivoatra tsikelikely. Fitaovana iray napetraka hanatanterahana izany ny Ambaratonga. Arak'izany ny ambaratonga dia mamaritra ny fivoaran'ny tsirairay ka mari-pandrefesana mitovy no ampiasaina. Mandritra ny ijanonany ato amin'ny Menafify dia mandalo Ambaratonga telo isa ny Mpitarika tsirairay dia ny ambaratonga:

- Mpiketrika Mameno,
- Mpialoha Làlana,
- ary Mahatsangy No àry.

Fa mialoha ny hirosoana amin'ny dingan'ny Ambaratonga ny Menafify tsirairay dia mila miomana sy manolo-tena amin'ny fiatrehana ny maha-menafify azy aloha. Rehefa vonona izy dia manatanteraka ny Fanekena Tily sy ny Fanekena Fanorenana.

#### a. Ny Ambaratonga Mpiketrika Mameno



Ny Menafify nahavita ny Fanekena Fanorenana no miroso amin'ny dingan'ny Ambaratonga Mpiketrika Mameno. Fandraisana anjara amin'ny fanatanterahana ireo tetik'asa misy eo amin'ny Fokonolona sy ny Fileovana no andrasana aminy. Mandritra ny iainany ity Ambaratonga ity no hahitany ireo fomba fitarihana tetik'asa. Eo no hahafantarany ireo dingana arahina amin'ny fanatanterahana tetik'asa iray. Eo ihany koa izy no afaka mitrandraka talenta vaovao sy mampihatra ny talenta ananany satria ny mpikambana rehetra ao anaty Fokonolona iray dia tokony hahafehy ny tetik'asa tanterahina eo anivon'io Fokonolona io avokoa.

Ny mariky ny Mpiketrika Mameno dia maneho ny ezaka sy ny firosoana amin'ny dingana Farany. Ny tondrozotra omena ny mpikambana izany dia ny firosoana amin'ny tsaratsara hatrany ka hatsaraina sy hamafisina araka izany ny fiofanana sy ny fanabeazana noraisina tany amin'ny sampana telo teo aloha.

Mandritra ny enim-bolana eo ho eo no hibeazan-tena amin'ity ambaratonga ity ka rehefa hitan'ny Zokiolona fa feno izany dia miroso amin'ny Ambaratonga mpialoha làlana indray.

### b. Ny Ambaratonga Mpialoha Làlana



Mpikambana Menafify efa nandray anjara sy nazoto tamin'ny fanatanterahana tetik'asa teo anivon'ny Fokonolona sy Fileovana nandritra ny maha-mpiketrika mameno azy no miroso amin'ny ambaratonga Mpialoha Làlana. Koa satria efa hitany ny fomba fanatanterahana tetik'asa dia manomana tetik'asa hotarihina eo anivon'ny Fokonolona izy. Ataony ho boky izany tetik'asa novolavolainy izany ary arosony eo anivon'ny Fokonolona, mandritra ny Ketrika, mba hotanterahina. Rehefa tapaky ny Fokonolona fa hotanterahina ilay tetik'asa dia anjaran'ny Loholona no mampahafantatra ny Zokiolona ny amin'ny fisian'ny tetik'asa vaovao sy ny Mpitarika azy eo amin'ny Filan-kevitry ny Fileovana. Ny Zokiolona avy eo no mandrindra izay fotoana hahafahana mametraka ny Ambaratonga Mpialoha Làlana amin'io Mpitarika tetik'asa vaovao io.

Ny fepetra hidirana amin'ity ambaratonga Mpialoha Làlana ity araka izany dia ny fahavitrihana nandray anjara tamin'ny tetik'asa tao anaty Fokonolona sy ny fisian'ny bokin'ny tetik'asa vonona ary miandry ny fanatanterahana azy. Rehefa voahaja ireo fepetra ireo dia atolotry ny Zokiolona ny mariky ny maha-Mpitarika tetik'asa azy sy ny marika fa miroso amin'ny dingan'ny ambaratonga Mpialoha Làlana indray izy.

Mandritra ny fiainany ny ambaratonga Mpialoha Làlana no anatanterahany ny tetik'asany.Tsy voafetra ho tetik'asa iray no tarihiny manditra izany fa mety ho maromaro arakaraky ny karazana tetik'asa tanterahina (tetik'asa lehibe na madinika, lavitr'ezaka na fohy ezaka) sy ny zava-misy eo anivon'ny Fokonolona.

Ny marika famantarana ny ambaratonga Mpialoha Làlana dia mampiseho ny kintana tondro avaratra. Ny kintana dia fitarikandro izay notarafina tamin'ny tantaran'I Jesoa Kristy ary mariky ny firosoan-dia hatrany.

Mandritra ny herintaona eo ho eo ny no iainan'ny Menafify iray ny ambaratonga Mpialoha Làlana. Rehefa vitany izany dia miroso amin'ny ambaratonga Mahatsangy no àry indray izy.

### d. Ny Ambaratonga Mahatsangy No àry



Mpitarika Menafify efa nahavita nitarika tetik'asa tamim-pahombiazana no miroso indray amin'ny ambaratonga Mahatsangy no àry. Ankoatra io fepetra voalohany io dia efa nahavita tatitra ara-dalàna koa izy mikasika ireo tetik'asa efa notarihiny ka nataony ho boky koa izany mba ho

tahirin-kevitra ho an'ny Fokonolona sy ny Fileovana.

Rehefa vita ireo ka atolotry ny Loholona ao amin'ny Filan-kevitry ny Fileovana dia anjaran'ny Zokiolona no mandamina ny fotoana hanolorana ny ambaratonga Mahatsangy No àry ho an'izay voakasik'izany.


Ny marik'ity ambaratonga ity dia maneho ny masoandro Menafify takon'ny ampingan'ny Mahatsangy No àry. Ny ampinga kosa dia mariky ny maha-miaramila tsaran'i Kristy.

Eo am-pamaranana ny fiainana anatin'ny Menafify ireo Mpitarika miatrika ity ambaratonga izay dingana farany ity. Fa na izany aza dia mbola manohy mandalina ny fibeazan-tenany manokana izy.

Mandritra ny fiainany ity ambaratonga ity no anomanany tetik'asa ho an'ny tenany manokana mba ho entiny miatrika amim-pahombiazana ny fiainany andavanandro. Afaka manomboka avy hatrany ny fanatanterahana izany tetik'asany izany izy.

Fa na eo aza izany dia manampy ireo mpikambana hafa ao amin'ny Fokonolona sy ny Fileovana izy amin'ny fanoroana hevitra ireo mpiray Fokonolona sy ny mpiray Fileovana aminy. Mbola mitarika tetik'asa eo anivon'ny Fokonolona sy ny Fileovana koa izy fa tetik'asa firotsahana hanatanterahana Loko Menafify no tena ataony amin'izany.

Raha fintinina dia toy izao manaraka izao ireo dingana lalovan'ny Mpikambana iray mandritra ny fotoana ijanonany ato anatin'ny Sampana Menafify :




1. Ny **Fanekena Tily** dia tanterahina 3 volana eo ho eo aorian'ny nidiran'ny mpikambana vaovao raha mbola tsy nanao Tily izy tany aloha. Fehitenda Menafify misy ny telolafy lokon'ny

Fivondronana ao aoriana sy ny marika Ravinala famantarana ny Tily Eto Madagasikara no marika apetraka mandritra ny fampanaovana Fanekena Tily.

2. Ny **Fanekena Fanorenana** dia tanterahina 3 volana eo ho eo aorian'ny nanaovan'ny mpikambana iray Fanekena Tily, na aorian'ny nandraisana azy avy any amin'ny sampana Mena. Ny mariky ny Menafify apetraka eo amin'ny fehitenda ao aoriana no famantarana ireo Mpitarika efa nahavita Fanekena Fanorenana.

3. Ny Fanolorana **Ambaratonga Mpiketrika Mameno** dia tanterahina avy hatrany aorian'ny nanaovana Fanekena Fanorenana. Izany hoe mandritra ny fivoahana an-tsaha anatanterahana ny Fanekena Fanorenana.

4. Ny Fanolorana **Ambaratonga Mpialoha Làlana** dia tanterahina 6 volana eo ho eo aorian'ny nanolorana ny Ambaratonga Mpiketrika Mameno.

5. Ny Fanolorana ny **Ambaratonga Mahatsangy No Ary** dia tanterahina herintaona eo ho eo aorian'ny nanolorana ny Ambaratonga Mpialoha Làlana ary io no iainany mandra-pitsofana rano azy.

6. Ny **Fitsofan-drano Menafify** dia tanterahina rehefa feno 26 taona ny Mpikambana Menafify iray.

### **IV.2.2.** Ny Talenta Menafify

Ato amin'ny Menafify dia omena lanja avokoa na ny talenta voajanahary, izay fahaiza-manao ananana tsy mila nianarana, na ny talenta novolena, izay vokatry ny fianarana na ny fampiharana natao no nahazoana azy.

Amin'ny ankapobeny dia mandritra ny fanatanterahana tetik'asa no anaporofoan'ny Menafify ny fananany Talenta iray amin'ny alalan'ny andraikitra raisiny sy ny fanehoany ny anjara asa manavanana azy.

Koa satria manomana ny tanora ho amin'ny asa fivelomana ny Menafify dia ny filazan'ny tontolon'ny asa andavan'andro no iantsoana ny Talenta ao aminy (ohatra: Rafitra, Fanentanana, Fakana sary, sns.).

Tsy voafetra ny sehatra hanomezana talenta ato amin'ny Menafify fa rehefa mifanaraka amin'ny soatoavina Tily dia azo trandrahana avokoa. Araka izany ireo Talenta azo tany amin'ny Mpiandalana dia hamafisina ato amin'ny Menafify ihany koa ary tanterahina araka ny toe-tsaina sy ny fijery Menafify.

Tsindriana manokana fa ny fanomezana talenta ato amin'ny Menafify dia miankina amin'ny kalitao sy ny fahaiza-mamolaka ilay talenta ananan'ny tsirairay. Noho izany dia ireto singa na fepetra telo ireto no mamaritra ny fanolorana ny talenta ho an'ny Menafify:

- Fahaiza-mamolaka ankapobeny na teorika (connaissance théorique),
- Fahaiza-mamolaka ara-teknika (compétence technique),
- Fahafaha-manasoa ny manodidina (le service rendu à la communauté).

Rehefa azo antoka fa voafehy ilay talenta dia jerena ihany koa ny fahaizana sy fahavononan'ny Menafify hanasoa ny manodidina azy amin'ny alalan'izany talenta izany.

### a. Ireo dingana arahina

Ny Talenta dia atolotra ny mpikambana Menafify efa nahavita Fanekena Fanorenana ka miaina ny ambaratonga Mpiketrika Mameno fara-fahakeliny. Andraikitry ny Zokiolona ny mitsirika sy mamantatra ny Talentan'ny Menafify izay iandraiketany. Manampy azy amin'izany ny Loholona satria izy no mifanerasera akaiky kokoa amin'ny Fokonolona misy azy. Ato amin'ny Menafify dia mandritra ny fanatanterahana tetik'asa no hahitana ny talenta izay manavanana ny tsirairay.

Rehefa hitan'ny Zokiolona fa misy tokony homena Talenta ny beazina ao aminy dia:

- Mameno ny taratasy fangatahana Talenta avy aty amin'ny Foibe Menafify izy,
- Miresaka amin'ny Filoha Menafify eo amin'ny Faritany izy ary izy ireo no mikarakara miaraka izay fomba hitsapana fahaizana sy hanaporofoana ny talenta amin'ny lafiny ara-teorika sy ara-teknika. Manam-pahaizana manokana mikasika ilay talenta no antsoin'izy ireo amin'izany ka io manam-pahaizana io no miara-manao sonia amin'ny Zokiolona sy ny Filoha Menafify ny Taratasy fangatahana Talenta.
- Mandefa amin'ny Foibe Menafify na ao amin'ny Foibe Tily ny taratasy fangatahana Talenta efa voaisy sonia. Ampiarahina amin'io taratasy io ny vokatry ny fitsapam-pahaizana natao sy izay sary ahafahana manaporofo izany fitsapam-pahaizana izany ary ny vola vidin'ny taratasy fanamarinana Talenta.
- Manara-maso ny fahazoana ny taratasy fanamarinana ny Talenta avy any amin'ny Foibe Menafify,
- Manolotra ny talenta ho an'ny beazina Menafify rehefa voaray ny taratasy fanamarinana ny Talenta avy any amin'ny Foibe Menafify raha toa ka tsy misy fanamarihana na

fangatahana fanazavana ataon'ny Foibe. Raha misy izany dia andraikitry ny Zokiolona ny mamaly ny fangatahana.

### b. Ny mariky ny Talenta

Taratasy fanamarinana araka ity ambany ity no omena ho mariky ny talenta ato amin'ny Menafify. Izany dia azony entina amin'ny sehatry ny asany rahatrizay. Ny Foibe hatrany no manao sonia ny Talenta Menafify satria io dia azony ampiasaina amin'ny fiainana andavanandro any aoriana. Ny fanolorana ny mariky ny Talenta dia atokana ho andraikitry ny Zokiolona ary raha tsy eo izy dia ny Toniam-pivondronana no misolo azy amin'izany.

FOIBE TILY ETO MADAGASIKARA

FANAMARINANA TALENTA

*Atolotra an'i* ________________ *ity fanamarinana ity noho ny fahaiza-manao sy traik'efa manokana ananany eo amin'ny* ________________ *anio* ______________.

*Azony ampiasaina amin'izay ilana azy ity fanamarinana voaporofo ity.*

Ny Zokiolona / Karatra n° ________

Ny Foibe Tily

### IV.2.3. Fizotran'ny fanolorana Ambaratonga sy Talenta

Isaky ny manolotra Ambaratonga na Talenta dia omena mari-pahatsiarovana na "certificat" sy fanomezana famporisihana ny Mpitarika. Ny faritany no manao ny modely "certificat" ho an'ny ambaratonga fa ny nasionaly kosa no mamoaka ny momba ny Talenta Menafify. Ny Zokiolona Menafify izay nahavita Fanekena Mpiandraikitra ihany no afaka manolotra ny Ambaratonga sy Talenta. Rehefa tsy afaka ny Zokiolona dia ny Toniam-pivondronana no misolo azy. Rehefa tsy afaka ny Tonia dia ny filoha Menafify miandraikitra ny Faritra na ny Faritany no manao ny fandaminana hahatanteraka izany.

Marihana fa ny Mpitarika na Menafify nahavita ny Fanekena Fanorenana no afaka miatrika ny dingan'ny Ambaratonga sy Talenta. Noho izany ny fanatanterahana ny Tarazo Fanolorana ny Ambaratonga Mpiketrika Mameno amin'ny ankapobeny dia aorian'ny Fanaovana Fanekena Fanorenana. Marihina anefa fa Tarazo roa samy hafa manana ny maha-izy azy ny Fanekena Fanorenana sy ny Fanolorana Ambaratonga sy Talenta. Izany hoe faranana amin'ny « Ho Tiavinay » aloha ny Tarazo Fampanaovana Fanekena Fanorenana vao manokatra amin'ny « Indreto vonona » indray hanolorana ny Ambaratonga sy Talenta.

Azon'ny rehetra atrehina ny Tarazo fanolorana Ambaratonga sy Talenta.

Toy izao ny fizotran'ny fanolorana Ambaratonga na Talenta:

- Manao fifamoriana, hiaka sy hiaka be Menafify, hira filamatry ny Menafify sy "Indreto vonona",
- Ambaran'ny Zokiolona ny antom-pivoriana,
- Antsoina hiroso ilay tolorana Ambaratonga na Talenta,
- Lazaina am-pahibemaso ny Ambaratonga na Talenta azony,
- Atolotra azy ny "certificat" manamarina izany,
- Ho an'ny ambaratonga dia esorina ny mariky ny ambaratonga teo aloha raha misy ary apetraka ny marika ho an'ny ambaratonga vaovao izay hidirana,
- Arahabaina ireo nahazo ny ambaratonga na talenta ary asaina mitodika any amin'ny rehetra izy ireo hanao ny fiarahabana kely (petit salut),
- Mamaly ny fiarahabana ataony ny mpanatrika rehetra,
- Averina any amin'ny fokonolona niaviany izy ireo ka avy hatrany dia mihiaka izay nandray azy tsirairay,
- Mitari-bavaka ny Loholona iray niavian'ilay nahazo ny ambaratonga na talenta,

- Atao indray ny hiaka be sy ny hira filamatry ny Menafify,
- Faranana amin'ny hira "Ho tiavinay" ny fotoana.

## IV.3. Ny Lalàna sy Fanekena

Ny Lalàna sy Fanekena no ivon'ny fomba fanabeazana skoto satria io no mamaritra ny soatoavina Tily ka tsy afa-miala amin'izany koa ny Sampana Menafify.

### IV.3.1. Ny Lalàna folon'ny Tily

1. Tokan-teny ny Tily
2. Mahatoky ny Tily
3. Vonona hanasoa namana ny Tily
4. Havan'ny olona rehetra ary mpirahalahy daholo ny Tily
5. Manaja olona ny Tily
6. Antra biby sy tia mandinika zava-maniry ny Tily
7. Mpankatò ny Tily
8. Mihira sy mitsiky ny Tily raha sendra ny sarotra
9. Sahy, mahery fo, maharitra amin'ny asany ny Tily
10. Madio tena, eritreritra, fiteny sy fihetsika ny Tily.

### IV.3.2. Ny Fanekena Tily

Ho an'ireo mpikambana vaovao tsy mbola nanao skoto mihitsy tany aloha dia manana telo volana eo ho eo hiomanana amin'ny Fanekena Tily aloha. Mandritra io fotoana io no hampahafantarina azy ny mikasika ny skotisma sy ny Fikambanana Tily Eto Madagasikara ka rehefa vonona hiroso lalindalina kokoa izy dia manatanteraka ny Fanekena Tily. Matetika dia any amin'ny lasy izany hoe eny an-kalamanjana no anatanterahna azy.

Mialoha ny hanaovana ny Fanekena dia misy aloha ny fanomanam-panahy izay ampanaovin'ny Zokiolona:

- Atomboka sy faranana amin'ny vavaka ny fanomanam-panahy.
- Ampahafantarina izay hanao Fanekena ny teny fanekena izay hataony.
- Ampahatsiahivina eo ihany koa ny Lalàna folon'ny Tily izay natao hiainana isan'andro.

- Asaina mandini-tena izy raha vonona tokoa hanatanteraka izany Fanekena sy Lalàna folo izany ka tsy hiala amin'izany amin'ny fiainany manontolo. Asaina milaza koa izy ny amin'izay fomba hampiharany azy.
- Omena andinin-tSoratra Masina ao amin'ny Baiboly izy hanaovany fandinihan-tena eo anatrehan'Andriamanitra ary asaina manambara izay hafatra voarainy avy amin'izany Soratra Masina izany.

Rehefa vita ny fanomanam-panahy dia afaka miroso amin'ny Fanekena izay vonona hiroso amin'izany.

Toy izao ny teny Fanekena tily: **« Eto anatrehan'Andriamanitra sy ny olona ary noho ny fahasoavan'i Jesoa Kristy Lohan'ny Fiangonana no anekeko amin'izao irotsahako ho isan'ny Tily Eto Madagasikara izao fa hanompo an'Andriamanitra, hiasa ho an'ny Tanindrazana sy ny namana ary hanoa ny Lalàna Tily »**.

Ny Zokiolona izay efa nahavita Fanekena Mpiandraikitra no afaka mampanao ny Fanekena Tily.

Telo volana eo ho eo aorian'ny nanaovany Fanekena Tily dia miroso amin'ny Fanekena Fanorenana izy rehefa vonona hanohy sy hiatrika ny fiainana maha-Menafify azy.

### **IV.3.3.** Ny Fanekena Fanorenana

Ho an'ireo mpikambana vaovao niakatra avy any amin'ny Sampana Mena na nanao Sampana Maitso tany aloha ka efa nahavita Fanekena Tily dia manana telo volana eo ho eo izy hiomanana amin'ny Fanekena Fanorenana. Mandritra io fotoana io no hamantaran'ny mpikambana amin'ny antsipiriany kokoa ny mikasika ny Sampana Menafify sy izay andrasana aminy ao amin'izany sampana izany.

Mialoha ny hanarahan'ny Menafify ny dingana rehetra ato amin'ny sampana toy ny dingan'ny Ambaratonga sy ny fitarihana tetik'asa dia manao ny Fanekena Fanorenana aloha izy. Io no fanamafisana ny Fanekena Tily natao. "Fanorenana" no anaran'izany satria hamafisina orina ny fanekena izay efa natao teo aloha. Tanterahina an-kalamanjana na any an-dasy izy io. Fanorenana no atao satria ny Mpitarika miorina dia Mpitarika "hanorina indray ny tempoly ao anaty noho ny famindram-pon'Andriamanitra, hiala amin'ny fanaon'izao tontolo izao, hiezaka lalandava hanavao ny saina ary hamantatra sy hiaina ny sitrapon'Andriamanitra, hiorina sy hifikitra amin'ny tsara, ho marina, ho ankasitrahana ary maty ka hateraka indray".

Afaka mandroso soso-kevitra any amin'ny Zokiolona ny amin'ny daty sy toerana hanatanterahana ny Fanekena Fanorenana ny Loholona. Zokiolona Menafify efa nahavita Fanekena Mpiandraikitra sy Fanekena Fanorenana na Filoha Menafify no mampanao ny Fanorenana.

Misy dingana roa ny fanatanterahana ny lanonana mikasika ny Fanorenana:

1. **Fanomanan-tena**: iray na roa andro mialoha ny Fanorenana dia manao asa anivon'ny Fiaraha-monina ny Menafify hanao fanorenana izay arahin'ny asa fampandinihan-tena ary faranana amin'ny fanomanam-panahy (ny Zokiolona no mamaritra ny fisehony). Misy Teny ao amin'ny Soratra Masina anisan'ny apetraka hiomanana amin'izany Fanekena izany ny hoe : *« Koa amin'izany, ry rahalahy malalako, dia miorena tsara, aza miova, ary mahefà be mandrakariva amin'ny asan'ny Tompo, satria fantatrareo fa tsy foana tsy akory ny fikelezanareo aina ao amin'ny Tompo. » (1 Korintiana 15:58).*

2. **Fanatanterahana ny Fanorenana** ampahibemaso (ankalamanjana - amoron'ny afo).

Toy izao ny teny Fanekena Fanorenana: **"Eto anatrehan'Andriamanitra sy ny olona ary noho ny fahasoavan'I Jesoa Kristy Tompo Lohan'ny Fiangonana sady Mpamonjiko no anamafisako ny fijoroako amin'ny maha-Tily Menafify ahy ka anoloirako ny heriko manontolo hanompo an'Andriamanitra, hiasa ho an'ny Tanindrazana sy ny namana ary hanoa ny lalàn'ny Tily. Andriamanitra anie hanampy ahy amin'izany"**.

Ny Zokiolona izay efa nahavita Fanekena Mpiandraikitra sy nahavita Fanekena Fanorenana no afaka mampanao ny Fanekena Fanorenana. Raha tsy afaka manao ny Zokiolona dia ny Filoha Menafify izay miandraikitra ny Faritany no mamaha ny olana.



"The real way to get happiness is by giving out happiness to other people. Try to leave this world a little better than you found it and when your turn comes to die, you can die happy in feeling that at any rate you have not wasted your time, but have done your best".
Lord Baden-Powell of Gilwell

"Ny fomba tsara miteraka fifaliana be indrindra ho antsika dia ny fizarana izany hafaliana izany ho an'ny manodidina antsika rehetra. Ezaho lalandava ny hanisy soa sy hanatsara izay toerana lalovantsika na itoerantsika. Amin'ny farany mantsy dia ho tsapantsika fa tsy very maina ny fotoanan-tsika satria ny tsara indindra azontsika natao no efa vitantsika".
Lord Baden-Powell of Gilwell

### **IV.3.4.** Ny lalànan'ny fiaraha-monina

Ankoatra ny Lalàna folon'ny Tily sy ny Fanekena Tily sy Fanorenana dia mila mahafantatra ny Lalàna mifehy ny fiaraha-monina ihany koa ny Menafify satria ny Tanàna no sehatra ilalaovany sy anaovany fihetsiketsehana. Anisan'izany ohatra ny Lalàm-panorenana mifehy ny Firenena Malagasy, ny lalàna mifehy ny toe-karena sy ny asa ary ny varotra, ireo fehezan-dalàna famaizana, sns. Ireo lalàn'ny fiaraha-monina ireo no mifehy ny fiaraha-miasa atao amin'ny fikambanana na orinasa hafa ka tsara ho fantatra. Tokony ho fantatry ny Menafify ihany koa ny lanjan'ny fanekena na ny sonia izay ataony eo anivon'ny fiaraha-monina ka tsy hivadihany amin'izany fanekena izany.

## **IV.4.** Ny fifaneraserana amin'ny olon-dehibe

Ato amin'ny sampana Menafify dia zava-dehibe ny fifaneraserana amin'ny sokajin'olon-dehibe maro samihafa mba hahafahana manatanteraka ny fanabeazana atao. Misy sokajy roa izy ireo dia ny ato anatiny sy ny ivelan'ny Fikambanana.

### **IV.4.1.** Fifaneraserana amin'ny ato anatin'ny fikambanana

Ny olon-dehibe ifaneraseran'ny Menafify akaiky ato anatin'ny Fikambanana dia ny Zokiolona izay manabe azy ireo mivantana sy tompon'andraikitry ny Fileovana misy azy.

Tsy ny Zokiolona ihany anefa no afaka ifaneraseran'ny Menafify fa ao koa ireo zoky rehetra izay afaka iaraha-miasa toy ny Toniam-pivondronana, ny Komitim-pivondronana, ny Fikambanan'ny Mpanazava sy Tily Tranainy ary Sakaiza na FMT2S.

Fa ho an'ny fifandraisana ataon'ny Fokonolona ivelan'ny Fileovana misy azy dia ampahafantarina ny Zokiolona hatrany ny fisian'izany. Toy izany ny fifandraisana atao amin'ny Toniam-pivondronana, ny Komitim-pivondronana, ny Filoha, ny Foibe, ny Komitim-paritany, sns.

### IV.4.2. Fifaneraserana amin'ny ivelan'ny fikambanana

Ankoatra ny fifaneraserana ataon'ny Menafify amin'ny olon-dehibe ato amin'ny Fikambanana dia azon'izy ireo atao ihany koa ny mifanerasera amin'ireo ivelan'ny Fikambanana raha misy fiaraha-miasa tokony hatao. Ny tanjona dia ny hahatontosa antsakany sy andavany ny fibeazan-tena sy ny atrik'asa ataon'ny tsirairay na ny isam-pokonolona na ny isam-pileovana. Ampahafantarina ny Zokiolona sy ny Komitim-pivondronana hatrany anefa izany fiaraha-miasa hatao izany.

Tsara hamafisina fa mila tandrovina hatrany amin'ny fiaraha-miasa rehetra hapetraka ny fitazonana ny soatoavina Tily izay miorina amin'ny Lalàna sy Fanekena Tily. Marihina ihany koa fa ny mpiara-miasa rehetra amin'ny Menafify dia mijanona ho mpiara-miombon'antoka sy mpanohana fotsiny ihany fa tsy miditra amin'ny fombafomba sy ny Tarazo skoto. Amin'ireo fiaraha-miasa ireo dia ny lalàm-panjakana manan-kery eto Madagasikara no lalàna iraisana.

## IV.5. Ny fiainam-bondrona

Zava-dehibe amin'ny fanabeazana skoto ny fiainam-bondrona satria ao no sehatra ahafahan'ny beazina tsirairay miroso bebe kokoa amin'ny fandraisana andraikitra sy ny fanefena toetra. Ato amin'ny sampana Menafify dia ny Fokonolona, izay efa hita tany aloha ny mahakasika azy, no sehatra ahafahan'ny tsirairay miaina izany fiainam-bondrona izany.

## IV.6. Ny fandalana ny fiainana ankalamanjana

Zava-dehibe eo amin'ny Menafify ny fikajiana ny tontolo iainana. Izany no amporisihana ireo mpikambana beazina sy mpanabe ao aminy hampiditra ny fiainana ankalamanjana amin'ny hetsika rehetra araka izay azo atao satria ny fiainana eny anivon'ny zava-boahary dia hahafantarana ny hakantony ka hahatonga ny Menafify rehetra hikajy sy hikolokolo azy mandrakariva.

### IV.6.1. Ny Lasy Menafify

Ny lasy Menafify dia lasin'asa amin'ny ankapobeny. Eo am-panomanana azy dia fantarina avy hatrany ny mahakasika ilay toerana, ny mikasika ny mponina sy ny filàny, ny olana misy eo aminy, sns. Koa ankoatra ny hetsika manokana atao mahakasika ny Menafify sy ny fizahan-tany dia faranana amin'ny asa soa ho fampandrosoana ilay tanàna tsidihana ny lasy. Ny faharetan'ny lasy dia roa andro na mihoatra arakaraka izay fandaharan'asa tanterahin'ny isam-pileovana na ny isam-pokonolona.

### IV.6.2. Ny Fisindana

Ny fisindana dia fivoahana an-tsaha maharitra iray na roa andro. Fohy kokoa noho ny lasy izy io ary amin'ny ankapobeny dia atao hanatanterahana ireo hetsika manokana na atrik'asa mahakasika ny sampana Menafify toy ny Fampiakarana sampana Mena ho Menafify, ny fampanaovana Fanekena Tily na Fanorenana, ny fanolorana Ambaratonga sy Talenta, sns.

### IV.6.3. Ny Fizahan-tany

Ny fizahan-tany dia natao mba hanangonana fahalalana mikasika ny zava-misy ao amin'ny faritra izay lalovana ary hamokarana fandalinana sy hikarohana tohana ho fampandrosoana ny faritra. Azo tanterahina anatin'ny lasy izy ity ka tsy maintsy voafaritra mazava ny fotoana sy ny fandaharam-potoana. Azo tanterahina anatin'ny fotoana manokana ihany koa anefa izy. Ny tanjona dia ny hamela mamy hatrany ho an'izay toerana tsidihina ary raha azo atao dia alamina ny fotoana hiverenana indray ao an-toerana mba hamantarana ny dingana vita sy ny vokatra azo ary ny tokony hohatsaraina.

## IV.7. Ny Fomba sy Tarazo

### IV.7.1. Ny fanamiana Menafify

Amin'ny ankapobeny, dia toy izao ny mahakasika ny fanamiana Menafify:

- Pataloha fohy velours manasa-pe, miloko « marron » antitra, misy fehin-kibo hoditra « marron » tsy misy sarisary na soratra. Io pataloha fohy io dia ahitana paosy didy solila havia sy havanana, ary paosy aoriana misarona ary mihidy bokotra (havanana ihany).
- Lobaka miloko kaki lava tànana miforitra tsy manaron-kiho na fohy tànana, ahitana ireo marika maha-Tily rehetra.
- Bà kiraro miloko kaki ranoray mitovy amin'ny lobaka.
- Fehitenda menafify ranoray misy telolafy (telozoro) mifanaraka amin'ny lokon'ny fivondronana misy ilay mpitarika ao aoriana ary eo ambonin'io telolafy io no ametrahana ny mariky ny Menafify araka izay hita eto ambany.

  Marihana fa ny sary famantarana Menafify apetraka eo amin'ny telolafin'ny fehitenda ao aoriana dia ho an'ny Zokiolona sy ny Mpitarika izay nahavita Fanekena Fanorenana irery ihany. Ho an'ireo izay mbola tsy nahavita Fanekena Fanorenana dia fehitenda misy ny telolafy lokon'ny fivondronana misy azy no anaovany.





Manana fanampim-panamiana izay anaovany amin'ny andro mangatsiaka ny Menafify dia ny akanjo bà miloko kaki mitovy loko amin'ny fanamiana ary ny vozony dia atao endrika « V » (col V).

Mety hanana ny fanamiana mampiavaka azy sy itoviany ny mpiray fokonolona na ny mpiray fileovana fa amin'ny fotoana manokana sy ifanarahana no hanaovana an'izany ary mitandro ny fitoviana ny rehetra. Ny fihetsiketsehana sy ny lahasa ary ny tetik'asa tanterahina ihany koa dia mamaritra ny fanamiana sahaza.

Marihina ary fa ny fanamiana anaovana rehefa manatanteraka Tarazo Menafify dia ny fanamiana iraisana izay voafaritra ery aloha.

### **IV.7.2.** Ny fifamoriana Menafify

Ny endrika fifamoriana tsara indrindra fampihatra eto amin'ny Mpitarika dia ny fifamoriana maneho ny fifankahitan'ny rehetra. Tena fampiasa ny ara-tsokera rehefa mihoatra ny telo ny fokonolona. Raha roa kosa ny fokonolona dia ny mitohy mandavana na ny maneho ny endrika "V" no tsara indrindra. Ny tanjona dia ny hifankahitan'ny rehetra hatrany. Miankina amin'ny sahan'asa hatao koa anefa ny endriky ny fifamoriana.

#### Fifamoriana hanomboka fotoana:

Amin'ny Mpitarika dia hira no ifampiantsoana ka ny Zokiolona na izay mitarika ny fifamoriana no miventy ny hira "Feo miantso".

*« Injao misy feo miantso anao*
*Handroso ho ao an-tanàna ao.*
*Injao misy feo manainga anao*
*Handroso ho mpitarika ao ».*

Io no averimberiny mandra-pahatonga ireo voriana rehetra. Ny Zokiolona na izay mitarika dia maneho ny endriky ny fifamoriana harahin'ny nantsoina. Ny Menafify izay tonga eo amin'ny toerana fifamoriana dia miara-miventy ny hira fiantsoana. Rehefa tonga avokoa ireo nantsoina dia miara-mamarana ny hira ny rehetra amin'ny fanaovana ny:

*« Ho mpitarika hampandroso Firenena,*
*Hanampy ny namana, hanao firotsahana,*
*Hitory ny Filazantsara no kendrena*
*Ka ndao hiaraka ao*
*Injao misy feo manainga anao*
*Handroso ho mpitarika ao ».*

Vita ny hira fiantsoana vao samy manao ny hiakany ny isam-pokonolona sy ny Fileovana. Tanterahina avy eo ny hiaka be Menafify ary hiraina ny hira filamatra «Menafify Mpitarika » arahin'ny "Indreto Vonona". Aoka tsy ho hadinoina ny manatanteraka fotoam-pivavahana aorian'ny fanambarana ny antom-pivoriana.

### Fifamoriana hamarana ny fotoana:

Raha fifamoriana vaovao no atao dia hiraina tahaka ny tery aloha ny hira "Feo miantso" ary asehon'izay mitarika ny endriky ny fifamoriana. Atao misesy ny hiaka rehefa vita ilay hira fiantsoana ka atomboka amin'ny an'ny fokonolona sy ny fileovana (raha misy) ary ny hiaka be Menafify izany. Faranana amin'ny hira "Ho tiavinay mandrakizay" sy amin'ny fotoam-bavaka ny fotoana.

Raha famaranana famoriana kosa no atao dia mifandimby manao hiaka ny isam-pokonolona. Atao avy eo ny Hiaka Ben'ny Menafify ary faranana amin'ny hira "Ho tiavinay mandrakizay" sy amin'ny fotoam-bavaka ny fotoana.

## **IV.7.3.** Filamatra – Tarigetra – Hiaka– Hira

### a. Ny hiaka sy hiram-pokonolona

Efa nambara tany aloha fa anaran'olo-malaza, efa nodimandry, teo an-tànana no raisina ho anaran'ny fokonolona. Ataon'ny fokonolona ho tarigetra ny toetra tsara nananany.

Ny hiaka sy hiram-pokonolona dia atao tsotra fohy, mazava ary maneho ny fahavononana sy ny tarigetran'ny fokonolona. Ny loholona no mitarika ny hiakan'ny fokonolona.

Ohatra: Ny Loholona: "Fokonolona Ratsimamaga!"

Ny Fokonolona: "Tsy sasatra manohy ny fikarohana
Hikatsahana fampandrosoana".

### b. Ny hiaka sy hiram-pileovana

Efa nambara ihany koa tany aloha fa ny anaran'ny tanàna misy azy no anaran'ny fileovana miampy mpamari-toetra izay manambara ny tarigetran'ny Fileovana. Ireo no amoahana ny hiaka sy ny hiram-pileovana izay tarihin'ny Zokiolona ary atao tsotra, fohy ary mazava izany.

Ohatra: Ny Zokiolona: *"Analamanga Mandroso"*
Ny Menafify: *"Madio sy mivoatra ary tsy mikoroso".*

### d. Ny hiaka be Menafify

Ny hiaka be Menafify no hiaka iraisan'ny Menafify rehetra. Ny Zokiolona na ny Filoha izay mitarika sy mampanao fifamoriana no mitarika ny hiaka be Menafify. Ny Mpitarika rehetra manatrika kosa dia mamaly amin'ny hiaka.

Ny Zokiolona na Filoha mitarika: *« Andry sy sahy »*
Ny Mpitarika no miara-mamaly: *« Mpitarika mijoro sy tena lehilahy »*
Ny rehetra miaraka amin'ny Zokiolona/Filoha: *« Menafify ».*

### e. Ny hira Filamatra « Menafify Mpitarika »

Aorian'ny Hiaka be Menafify dia hiraina ny Hira Filamatra « Menafify Mpitarika »:

1. Zatovo miaramilan'I Kristy,
Ny Menafify no mijoro
Handroso hatrany tsy hikoro,
Handeha mba hanamafy ho mpitarika.
Na fiteny na fitafy,
Ny toetra hanamafy:
Menafify no fitaratra,
Menafify no filamatra.

2. Zatovo miaramilan'I Kristy,
Ny Menafify tena sahy
Ho ampinga ho enti-miady,
Ho vonona hiatrika fiainana,
Mba ho tena fahazavana,
Mijoroa mitsangana,
Menafify no mamokatra.
Menafify, io no vokatra.

*<u>Isan'andininy</u>*: Menafify,Andry sy Sahy
Ho mpitarika tena lehilahy.
Vonona hifampitady
Mba ho sampana tomady,
Menafify no ijoroana,
Menafify manam-pinoana.



Mpitarika, andry, mpitantana no tena ilaina.

Filoha Lucien Em. Randrianarivelo

### IV.7.4. Ny Fitohizan-tsampana

Sehatra roa no hanehoana ity fomba fampiakarana ity. Ny iray dia totosaina eo anivon'ny sampana Mena amin'ny toerana iray. Ny faharoa kosa dia tontosaina eo amin'ny sampana Menafify any amin'ny toeran-kafa. Noho izany, tsy maintsy ataon'ny mpiandraikitry ny sampana roa tonta maty paika ny amin'ny fandaminana ny fotoana. Ora efatra raha be indrindra no elanelana manasaraka ny sampana roa satria 19 km hatramin'ny 25 km no lalana hodiavin'ilay ampiakarina an-tongotra miankina amin'ny sokajin-taonany ary 5 km isaky ny adiny iray no hafainganam-pandehan'ny olona.

Ampahafantarin'ny Zokiolona ny Toniam-pivondronana mialoha ao anatin'ny filan-kevitry ny mpiandraikitra izany fandaharana izany satria tsy tokony ho tompon-trano mihono izy amin'ny fiovana miseho amin'ny isan-tsampana iadidiany.

#### a. Fizotran'ny lanonana fampiakarana ao amin'ny sampana Mena

Hatao ny fifamoriana Tily arahin'ny hiaka sy ny "Indreto vonona" izany. Antsoina ilay mpiandalana handao ary lazaina izy fa "Mila fahazavana izao tontolo izao". Omena azy ny taratasy fiantsoana izay manondro ny anaran-tany tokony halehany sy ny anaran'ny fileovana vaovao handray azy. Vita izany dia esorina ny mariky ny sampana Mena izay eny aminy. Manao hiaka ny rehetra. Faranana ny fotoana amin'ny "Ho tiavinay mandrakizay" ka arahina vavaka izany. Miteny ny Zokiolona hoe:" Ry Mpiandalana Ra-... (anaran'ilay Mpiandalana handao) ... Mipariaha!".

Rehefa vita izany teny izany dia miainga avy hatrany ilay mpiandalana ka anjarany ny manao izay hahatongavany any amin'ilay toerana efa voatondro araky ny ora sy daty voalaza an-taratasy. Io taratasy io no hatolotra ny Zokiolona Menafify rehefa tonga any amin'ilay toerana.

Marihina fa:

- Ny ora tondroina ao amin'ny taratasy fiantsoana dia ilay ora maha menafify ny masoandro iny.
- Ny dia an-tongotra 19 km hatramin'ny 25 km dia dingana tsy maintsy lalovan'ny Mpiandalana miakatra ho Menafify ary vitainy mialoha ny fandraisana azy amin'ny fomba sy tarazo Menafify.

Toy izao no ambangovangon'ny taratasy fiantsoana:

- Daty

- Anaran'ny Fileovana Menafify
- Fehezan-teny fiantsoana misy ny toerana halehan'ilay mpikambana nantsoina ka manondro mazava ihany koa ny ora sy ny toerana handraisana azy.
- Sonian'ny Mpiandraikitra
- Ora sy daty ary ny toerana nanolorana ny taratasy fiantsoana.

### b. Fizotran'ny lanonana fandraisana ao amin'ny Menafify

Miandry azy eo amin'ny toerana efa notondroina an-taratasy ny Zokiolona Menafify. Rehefa tonga ilay Mpiandalana ka mifankahita aminy dia manontany ilay Zokiolona hoe: "Zovy?". Manolotra ny taratasy fiantsoana ilay mpiandalana.

Rehefa tonga menafify iny ny masoandro dia mitarika ny fifamoriana Menafify amin'izay ny Zokiolona. Hiraina ny "Indreto vonona". Antsoina ilay Mpiandalana ary ambara aminy fa: "mitombo ny herinay sy ny fahazavanay mandray an'ise. Mpitarika indray izao no hiantsoana an'ise fa izay no maha-mpikambana Menafify an'ise". Manao hiaka ny rehetra ka ny hiaka be Menafify no hatao. Atolotra azy ny fehitenda Menafify. Ambara azy ny anaran'ny fokonolona handray azy ary omena fotoana fohy ny fokonolona hanoro azy ny hiakam-pokonolona sy ny hiakam-pileovana. Rehefa vita izany dia mihiaka ny rehetra ary ambara fa mifarana ny lanonana ka faranana amin'ny hira "Ho tiavinay mandrakizay" sy vavaka izany.

**Fanamarihana:** Lasitra ihany izao voalaza eto izao fa anjaran'ny fileovana Menafify ny manangana izay mety ho tarazony manokana ka tsy tokony hiovaova izany. Soratana ao anaty boky volamena ny tarazo mba haharitra ka hodimbiasan'ireo izay ho mpikambana ao aoriana.

## **IV.7.5.** Fandraisana mpikambana vaovao

Ny mpikambana vaovao ambara eto dia izay olona tsy nandalo ny fikambanana mihitsy ary tsy nanaovana ny fampiakarana Mena ho Menafify. Misy tokoa ny tanora lehilahy avy hatrany dia ny Sampana Menafify no mandray azy satria io no sampana manandrify ny sokajin-taonany. Ampidirina avy hatrany ao anaty fokonolona izy ka ny Loholona no mampita azy ny momba ny fiainam-pokonolona sy ny fileovana. Raisina amin'ny fomba tsotra izy ary mandritra ny fifamoriana voalohany atrehiny eo anivon'ny Fileovana no anehoana azy ho hitan'ny be sy ny maro ka anambaran'ny zokiolona fa "voaray ho isan'ny mpiara-milalao sy mpirahalahy ato amin'ny sampana Menafify Izy".

Aorian'izany dia misy ny asa miandry ireto olona voatondro araky ny andraikitra ireto:

- **Asan'ny Loholona:**

Mandra-pahatonga ny fahavitan'ny fombafomba Tily sy Menafify aminy dia adidin'ny Loholona no manampy ilay mpikambana vaovao ao amin'ny fokonolona iandraiketany amin'ny fampahafantarana azy ny atao hoe Skotisma sy ny Tily Eto Madagasikara ary ny Sampana Menafify. Adidin'ny Loholona ihany koa ny mampahafantatra azy ny fanekena Tily sy ny fombafomba rehetra arahina amin'izany.Toa izany koa ny fanekena fanorenana. Tsiahivina fa ny Loholona no mpandrindra ny fivoaran'ny tsirairay eo anivon'ny fokonolona.

- **Asan'ny Zokiolona:**

Adidin'ny Zokiolona no mikarakara ny fotoana hanaovan'ilay mpikambana vaovao ny fanekena Tily. Ny Zokiolona nahavita Fanekena maha-Mpiandraikitra ihany no afaka mitarika izany. Rehefa vita ny fanekena maha-Tily ilay vaovao dia asalotra azy ny fehitenda Menafify, miaraka amin'ny marika maha-Tily rehetra. Marihina fa ny Zokiolona no mpandrindra ny fivoaran'ny tsirairay ao anaty fileovana. Ny olona ampanaovina ny fanekena Tily dia manaraka ny fepetra rehetra amin'ny fampanaovana fanekena Tily Iraisan'ny Tily Eto Madagasikara.

### **IV.7.6.** Ny Fanekena Fanorenana

Anisan'ny tarazo mampiavaka ny Menafify ny fampanaovana Fanekena Fanorenana satria amin'io fotoana fanorenana io no anapahany hevitra hiditra lalindalina kokoa amin'ny maha-mpikambana Menafify azy (Jereo ny antsipiriany mahakasika ny Fanekena Fanorenana ao amin'ny *IV.3.3. Lalàna sy Fanekena*).

Toy izao ny fizotran'ny Fanekena Fanorenana:

- Fifamoriana, Hiaka sy Hiran'ny Menafify,
- Indreto vonona,
- Filazana ny antom-pivoriana ary fampahatsiahivana fa tarazo no atao,
- Fanirahana hiala lavitra ny mpikambana mbola tsy nahavita Fanekena Fanorenana ka tsy vonona amin'izany sy ireo izay tsy manao fanamiana ara-dalàna,
- Fiantsoana ny Mpitarika hanao ny Fanekena Fanorenana,
- Fanazavana ny fizotry ny Fanekena

- Fanononana ny fanekena fanorenana ialohavan'ny fanontaniana (raha Mpitarika maro no hanao ny fanekena dia manonona tsirairay)
- Hiran'ny fanekena: ny andininy voalohany ataon'ny nanao Fanekena. Iarahan'ny rehetra miredona kosa ny isan'andininy sy ny andininy manaraka rehetra,
- Fanambarana ny maha-mpikambana Menafify ara-dalàna ireo nahavita ny Fanekena ary apetraka ny mariky ny nahavitany Fanekena Fanorenana dia ny sary famantarana ny Menafify izay apetraka eo ambonin'ny telolafy aorian'ny fehitenda,
- Fiarahaban'ny mpanatrika ireo nahavita Fanekena,
- Miverina any anaty Fokonolona ireo nahavita Fanekena,
- Manao hiaka ny Fokonolona mandray azy,
- Vavaka ataon'ny Loholona,
- Fiantsoana ireo tsy nanatrika ny fanekena hiverina eo amin'ny laharana misy azy.
- Hiakam-pokonolona sy Hiaka ben'ny Menafify,
- Ho tiavinay.

### **IV.7.7.** Tarazo fanolorana ny Mpitarika ny Tetik'asa (Tomboka Tetik'asa)

Anisan'ny singa fototra amin'ny fanabeazana tanterahin'ny Menafify ny Tetik'asa. Noho izany dia tohanana ny tetik'asa mandeha satria ireny no ain'ny Menafify. Misy fihetsiketsehana manokana iarahan'ny Mpiray Fileovana atao rehefa manomboka ny tetik'asa mba hanamarihana fa misy zava-dehibe atrehina:

- Fifamoriana – Hika be sy Hira Filamatra Menafify - Hira sapaoritra (Indreto vonona)
- Filazana ny anton'ny Fifamoriana (Tomboka tetik'asa sy fanolorana ny Mpitarika azy)
- Atolotry ny Zokiolona Menafify ny Mpitarika ny tetik'asa.
- Asaina manazava fohifohy ny mikasika ny tetik'asa izy.
- Apetraka eo amin'ny 1 santimetatra eo ambanin'ny mariky ny ambaratonga ny mariky ny mpitarika tetik'asa.
- Manao ny hika sy hirany ny Fokonolona mpiara-manatanteraka,
- Faranana ny lanonana (Hiaka be Menafify - Ho tiavinay).

Tolo-kevitra ihany izao fa ny tanjona dia ny hahazoan'ny Fileovana isanisany manangana ny tarazo izay tsy tokony hiovaova. Ampiasaina ny Boky Volamena noho izany.

### **IV.7.8.** Ny Firahalahiana Menafify

Ny firahalahiana Menafify dia tarazo fanehoam-pirahalahiana mampiavaka ny Menafify manokana. Betsaka ny fotoana sy ny antony ahafahana manao an'izany toy ny:

- Fanamarihana ny nahavitana ny tetik'asa iray.
- Aorian'ny fanokanana amin'ny fomba ofisialy ny Menafify amin'ny fivondronana iray.
- Na amin'ny fotoana anaovana fitsofan-drano Menafify, sns.

Ny amin'izay mety ho fizotry ny lanonana dia miankina feno amin'ny Fokonolona, na ny Fileovana, na ny Faritany, na ny Foibe izay mikarakara. Azony atao ny manasa vahiny manokana indrindra ny Menafify toa azy ireo. Amin'ny ankapobeny dia nahandro lohan-kisoa no iaraha-mihinana mandritra ny Firahalahiana Menafify.

Tsy voatery ho lohan-kisoa anefa no atao fa azo ovaina ho zavatra hafa miankina amin'ny zava-misy eo an-toerana sy ny fahafaha-manao eo amin'ny mpikarakara. Zavatra iray no atao ary tsy azo ovaina ny fomba fanatanterahana amin'ny maha tarazo azy. Azo atao ohatra ny manao nofon-kena na fen'akoho iaraha-mizara ary mahazo avokoa ny mpanatrika rehetra na dia samy manana sombiny kely aza.

Toy ny lanonana skoto rehetra dia atomboka sy faranana amin'ny fomba skoto sy ny fotoam-bavaka ny firahalahiana Menafify.

Misy tarazo hafa izay tsy voasoratra ato amin'ity toro-làlana ity nefa mampiavaka ny Menafify. Anisan'izany ohatra ny tarazo fanolorana ny fehitenda Menafify ho an'ireo mpikambana vaovao efa nahavita Fanekena Tily tany aloha sy ny maro hafa koa. Anjaran'ny Fileovana Menafify tsirairay no mandrafitra azy ireny sy manoratra azy ao anaty Boky Volamenan'ny Fileovana mba hipetraka maharitra sy hodimbiasan'ny zandry ao aoriana izany.


# V. NY TETIK'ASA SKOTO

Ny fanatanterahana sy fandraisana anjara amin'ny tetik'asa no hahazoan'ny Menafify traik'efa hahafahany miatrika ny fiainany ao aoriana. Noho izany dia zava-dehibe tokoa ho an'ny Menafify tsirairay ny fananana ny fahalalana fototra sy ireo teknika rehetra mahakasika ny fitantanana tetik'asa.

Ny tetik'asa skoto dia **ifandrimbonan'ny mpiray vondrona ny fanatanterahana azy** na dia avy amin'ny olona iray aza no nipoiran'ny hevitra. Ny tanjona amin'izany dia ny hahazoan'ny tsirairay traik'efa betsaka indrindra sy maro lafy amin'ireo karazana tetik'asa tanterahin'ny Fokonolona.

**Misy zava-kendrena voafaritra mazava ny tetik'asa tsirairay** dia ny famaliana ny filàna na ny tsy fahampiana misy na ny fivoarana tiana ho hita eo amin'ny vondrona na toerana na fiaraha-monina iray. Ny tetik'asa araka izany no vahaolana amin'ny famaliana io filàna io ary ny fitantanana tetik'asa dia:

- ny famantarana ny filàna na ny olana misy,
- ny fitadiavana sy fanolorana ny vahaolana tandrify,
- ny fametrahana sy ny fanatanterahana ilay vahaolana natolotra,
- ary ny fandinihana amin'ny farany na voavaly na tsia ny filàna na ny olana novahana.




Mandritra ny tetik'asa ihany koa dia **ampiharina hatrany ny « Fomba fanabeazana skoto »**. **Omena lanja ny safidin'ny tanora beazina** na eo amin'ny fisafidianana na eo amin'ny fandraisana anjara amin'izay tetik'asa hatao ary **voafetra ny fotoana hanatanterahana ny tetik'asa**.

## V.1. Dingana fananganana sy fanatanterahana ny tetik'asa skoto

Ireto manaraka ireto ny dingana arahina raha hanangana sy hanatanteraka tetik'asa skoto:

1. Famaritana izay tiana hatao: Famantarana ny filàna na ny olana tiana ho vahana, Famaritana ny vahaolana hapetraka sy ny zava-kendrena amin'ny tetik'asa,
2. Fianarana sy fiofanana mikasika izay fomba rehetra hahafahana manatanteraka ny tetik'asa,
3. Fananganana drafitra mazava hanatanterahana ny tetik'asa,
4. Fiomanana sy fanomanana izay rehetra ilaina (vola, fitaovana, ...),
5. Fanatanterahana ny tetik'asa,
6. Fanaovana tomban'ezaka sy fijerena ny fivoarana nentin'ny tetik'asa,
7. Fiaraha-mifaly noho ny fahavitan'ny tetik'asa.

Amin'ny maha-Menafify dia toy izao ny filaharan'ireo dingana ireo raha ampifanarahana amin'ny hairaha Menafify:

### V.1.1. Ketrika

Ny Ketrika no fotoana fanomanana ny tetik'asa. Mandritra ny ketrika araka izany no:

- famoahana sy fakan-kevitra mikasika izay hatao,
- fijerena izay olana misy na ny fahalalana sy traik'efa tian'ny Menafify hananana ka mila hanatanterahana tetik'asa,
- famoahana ireo lafin-javatra rehetra tokony ho fantatra sy tokony hananana mikasika ny tetik'asa voafidy fa hotanterahina (ara-pahalalana, ara-bola, ara-pitaovana, ...),
- fanoratana ny bokin'ny tetik'asa.

Ny tetik'asa iray dia dinihina mandritra ny Ketrika iray na maromaro, miankina amin'ny fahafenoan'ny fahalalana hahafahana mandrafitra azy.

### **V.1.2.** Vontady

Rehefa vita ny ketrika ary voasoratra ny tetik'asa ka hiroso amin'ny fanatanterahana ny Fokonolona na ny Fileovana dia irosoana aloha ny vontady. Mandritra ny vontady no:

- andraisana fanapahan-kevitra ny amin'ny hanatanterahana ilay tetik'asa,
- fandaminana sy fanendrena ny tompon'andraikitra rehetra
- famaritana izay andrasana amin'ny tompon'andraikitra tsirairay,

Rehefa samy manaiky ireo ny mpikambana tsirairay dia tanterahina ny Tarazon'ny Vontady. Raha eo anivon'ny Fokonolona no anatanterahana ny vontady dia ilàna ny fanatrehan'ny Zokiolona.

### V.1.3. Ampamoloana

Rehefa vita ny Vontady dia miroso amin'ny Ampamoloana ny Fokonolona na ny Fileovana. Ny Ampamoloana no dingana farany ho fanatanterahana ny tetik'asa. Mandritra izany no:

- anolorana ampahibemaso eo anatrehan'ny Fileovana ny Mpitarika ny tetik'asa,
- anangonana ny vola sy fitaovana ho fiatrehana ny tetik'asa,
- anatanterahana ny fiofanana izay ilaina,
- anatanterahana ny tetik'asa araka izay nanomanana azy.

Mandritra ny Ampamoloana ihany koa no anaovana jery todika antenantenany na farany mikasika ny tetik'asa izay natao ary fiaraha-mifaly noho ny nahavitana ny tetik'asa. Miankina amin'ny faharetan'ny hetsika atao araka izany ny Ampamoloana.

#### Fanamarihana:

Eny amin'ireo tahirin-kevitra samihafa dia misy dingana maro arahina mba hanatanterahana tetik'asa iray. Azo anatsarana ny fanatanterahana ny tetik'asa sy ampiharina ato amin'ny Menafify ireny fa arafitra ao anatin'ireo dingana telon'ny hairaha Menafify ireo. Tsy voafetra rahateo ny fikarohana azon'ny tsirairay atao mba hampitomboana ny traik'efa ananany mikasika ny fitarihana sy fanatanterahana tetik'asa.

Ohatra: ny fanadihadiana mahakasika ny tsena (étude de marché) sy ny drafitra ara-bolan'ny tetik'asa (business plan) dia tanterahina mandritra ny Ketrika.

## V.2. Karazana tetik'asa azo atao

Maro karazana ny tetik'asa azo tanterahina ato amin'ny Menafify. Ny fahaiza-mikaroka ananan'ny tsirairay sy ny fanarahana ny soatoavina Tily izay miorina amin'ny Lalàna sy Fanekena no mametra azy.

Tsy voatery ho tetik'asa goavana be sy mila famatsiam-bola be na mampidi-bola be no ataon'ny Menafify. Aleo aza manomboka amin'ny tetik'asa madinika sy salantsalany mba hahazoan'ny Menafify tsirairay mandray anjara ka hampitombo ny traik'efa ananany satria azo antoka ny fanatanterahana azy.

Ireto misy karazana tetik'asa navahana araka ny vokatra andrasana aminy:

### V.2.1. Ny asa fitoriana ny Filazantsara

Anisan'ny ekena eo amin'ny fanaovana Fanekena Tily sy ny Fanekena Fanorenana ny "hanompo an'Andriamanitra". Koa satria Jesoa Kristy naniraka izay rehetra manaraka azy hijoro ho vavolombelony sy hanaparitaka ny Filazantsara dia anisan'ny fandaharan'asa tanterahin'ny Menafify ihany koa ny asa fitoriana ny Filazantsara.

Tanterahina amin'ny alalan'ny tetik'asa izy ity ary atao fara-fahakeliny indray mandeha isan-taona. Endrika maro no azo hitondrana azy ka ny fitiavana mikaroka no mametra sy mamaritra izany.

### V.2.2. Ny tetik'asa famokarana

Ny tetik'asa famokarana dia ireo tetik'asa amoahana vokatra azo tsapain-tanana. Toy izany ohatra ny tetik'asa fanamboarana fanaka vita amin'ny hazo na vy na tady, ny tetik'asa famokarana sakafo toy ny mofomamy, voankazo nohamainina, ny tetik'asa fambolena sy fiompiana, sns.

Tafiditra amin'ity karazany ity koa ireo tetik'asa fampiasana ny fahaiza-manao mba ho fanampiana ny hafa. Ohatra ny tetik'asa fampianarana mampiasa solosaina satria famokarana ofana no atao.

### V.2.3. Ny tetik'asa fikarakarana hetsika

Ato anatin'ity karazana tetik'asa ity ireo fikarakarana fety sy lanonana samihafa sy ny fikarakarana fampirantiana, sns.

### V.2.4. Ny tetik'asa ho fampandrosoana ny fiaraha-monina

Ny tetik'asa ho fampandrosoana ny fiaraha-monina araka izany anarany izany dia ireo tetik'asa natao hamahana ny olana misy eo aminy. Anisan'izany ohatra ny tetik'asa hiadiana amin'ny tsy fahaizana mamaky teny sy manoratra, ny mikasika ny rano fisotro madio sy ny fahadiovana, ny fiarovana ny tontolo iainana, ny momba ny fahasalamana, ny ady amin'ny tazomoka, ny ady amin'ny fidorohana zava-mahadomelina, ny ady amin'ny fihanaky ny aretina SIDA, sns.

## V.3. Ny drafitry ny bokin'ny tetik'asa

Ity ary misy drafitra tsotsotra azo iaingana amin'ny fandrafetana ny bokin'ny tetik'asa. Azo hatsaraina izy ity araka izay fikarohana ataon'ny mpitarika tetik'asa sy ny mpiray Fokonolona aminy:

1. Ny anaran'ny tetik'asa
2. Famintinana: Famintinana amin'ny teny fohy ny momba ny tetik'asa sy ny zavatra hotanterahina
3. Ny antony anatanterahana ny tetik'asa
   - Fampahafantarana ny zava-misy manamarina ny tokony anatanterahana ny tetik'asa: ny zava-misy ara-ekonomika, ny fanararaotra, sns.
   - Fampahafantarana ny antony anaovana ny tetik'asa: ny niantombohan'ny hevitra, ny fanoitra hanatanterahana azy toy ny olana sy ny tsy fahafaham-po misy ary ny vokatra antenaina amin'ny tetik'asa.
4. Ny zava-kendrena amin'ny tetik'asa
   - Ny zava-kendrena ara-teknika: ny vokatra vokarina.
   - Ny zava-kendrena ara-bola: ny teti-bola, ny tanjom-pandaniana sy ny tanjona amin'ny vidim-bokatra.
   - Ny zava-kendrena ara-potoana: ny faharetan'ny tetik'asa.
5. Ny mombamomba ny mpanao ny tetik'asa
   - Ny mpitarika tetik'asa sy ny mpiara-manatanteraka aminy,
   - Raha ny Fileovana na Fokonolona no manao ny tetik'asa dia ny mombamomba azy (ny tanjony, ny zava-kendreny, ny mpikambana ao aminy),
   - Ny andraikitry ny tsirairay ao anaty tetik'asa.
6. Fandaminana sy fomba fiasa
7. Daty sy fotoana hanatanterahana azy
8. Ny fitaovana ilaina
9. Ny vinavinam-pandaniana ara-bola
10. Tetika hahatafitan'ny tetik'asa
11. Ireo mpiara-miasa sy mpiara-miombona antoka hanatanteraka ny tetik'asa

## V.4. Ny Loko Menafify

Eo amin'ny fiainan'ny olona ankapobeny dia ampiasaina ny loko mba hanasongadinana ny mahatsara ny zavatra iray na hanavaozana izay efa miharatsy endrika. Haingo ihany koa ny loko ka ny fandokoana no toa vao maika manasongadina ilay zavatra nolokoina. Isan'ireo singa manaitra ny mason'ny mpijery ny loko.

Ny Loko Menafify dia hetsika na tetik'asa iray tanterahina ato amin'ny sampana Menafify natao hanehoana ny fahaveloman'ny Menafify eo amin'ny fiaraha-monina.

Ny Loko Menafify dia tanterahina hilazana fa nisy zavatra na foto-kevitra na volin-tsaina natolotry ny Menafify ho an'ny mpiara-monina na ny faritra misy azy na ny faritra nolalovany. Indraindray tokoa dia ara-bakiteny ny zavatra atao, toy ny nandoko sekoly sy toeram-pivoriana sy ny sisa. Fa azo atao koa ny Loko Menafify mba hanatsarana foto-drafitr'asa efa misy na hananganana vaovao. Ny tanjona dia ny hanasoavana ny fiaraha-monina manodidina na andalovana.

Isaky ny avy manao Loko Menafify dia ametrahana marika ny Tanàna nandalovana. Ny marika apetraka dia takela-kazo na takela-by na rindrina misy ny filazana ny zavatra natao izay soniavina amin'ny anarana "Menafify". Ohatra: fananganana tsangambato hanondroana ny fidirana amin'ny Tanàna iray ka asiana ny marika hoe: "Menafify" eo ambany.

Ny ambaratongan-drafitra misy ato amin'ny Menafify dia entanina hanatanteraka Loko Menafify iray fara-fahakeliny mandritra ny taom-pitaizana iray.

Ireto avy ireo ambaratongan-drafitra ireo: ny Fokonolona tsirairay, ny Fileovana tsirairay, Ny Faritany tsirairay, ny Foibe Menafify. Ny loko Menafify eo amin'ny sehatra Nasionaly dia tanterahina mandritra ny Foaran'ny Tetik'asa amin'ny ankapobeny satria any no ahavoriana Menafify maro indrindra.

Raha fintinina dia fanaovana asa soa sy asa firotsahana no atao mandritra ny Loko Menafify ary marihina fa faritana mialoha ao anaty fandaharana herintaona sy telovolana izany.

## V.5. Ny Foaran'ny Tetik'asa (FOTASA)

Ny FOTASA na Foaran'ny Tetik'Asa dia hetsika mampiavaka ny Menafify tanterahina ao amin'ny tanàna iray. Io no hetsika faratampony atrehin'ny Mpitarika. Ankalamanjana no anatanterahana azy ary manaraka ny Fomba sy Tarazo Menafify.

Ny zava-kendrena amin'ny FOTASA dia ny:

- fampiroboroboana ny sampana Menafify,
- fampirantiana ireo tetik'asa vita na mbola eo an-dàlam-panatanterahana,
- fampahafantarana ireo fahaiza-manao misy ao amin'ny Menafify ka tokony hotrandrahina sy hotohanana,
- fampitomboana ny fahaiza-manaon'ny tsirairay amin'ny alalan'ny fanatanterahana fiofanana sy atrik'asa mikasika lohahevitra maro,
- fifampizarana traik'efa eo amin'ny samy Menafify,
- fisokafana amin'ny hafa sy firotsahana eo amin'ny fiaraha-monina,
- fihaonana amin'ireo mpiara-miombona antoka sy ny mpanohana samihafa.

Amin'ny endrika maro no mety hisehoan'ny FOTASA: Lasy – Fihaonam-be - Foara – Varotra fampirantiana - Lalao - sns, ka miankina amin'ny mpikarakara sy ny filàn'ny mpikambana Menafify no isafidianana azy. Mandritra ny FOTASA dia misy ny fisafidianana izay Fokonolona na Fileovana manana tetik'asa mendrika indrindra. Ireto avy ny fepetra sy ny mason-tsivana mahakasika izany:

1. <u>Ny fahaiza-mikaroka</u>: ezahina mba hisy ny fikarohana ataon'ny isam-pokonolona amin'ny tetik'asa izay ataony. Jerena araka izany ny lafiny famoronana teo amin'ny fanatanterahana sy ny vokatry ny tetik'asa.

2. <u>Ny fiantraikan'ny tetik'asa eo amin'ny fiaraha-monina</u>: Anisan'ny andrasana amin'ny Menafify ny fijerena izay hanatsarana ny fiaraha-monina misy azy. Koa tsara ny tetik'asa izay tanterahina raha misy fiantraikany eo amin'ny manodidina. Anisan'ny mason-tsivana hanomezan-danja ny tetik'asa iray izany. Manan-danja kokoa ny tetik'asa iray raha misandrahaka amin'ny olona maro eo amin'ny fiaraha-monina ny vokatra naterany. Soritana mazava ao amin'ny bokin'ny tetik'asa izany.

3. Fananana ny bokin'ny tetik'asa: ny tetik'asa tsirairay dia soratana ho boky. Ezahina ho feno araka izay azo atao ny boky. Tokony ho hita ao ohatra ny anaran'ny tetik'asa, ny ekipa hanatanteraka azy, ny antony nisafidianana azy, ny tanjona, ny vokatra hotratrarina, sns.

4. Ny fahaiza-maneho ny tetik'asa: Tsy ny mpitarika ny tetik'asa ihany no mahay maneho ny tetik'asa fa ny ao anaty Fokonolona rehetra. Ireto no tsara ho fantatra mikasika ny fahaiza-maneho ny tetik'asa:

- Fananana trano heva hanehoana ny tetik'asa miaraka amin'ny fanatsarana ny endriny anatiny sy ivelany,
- Fahaiza-mandray ny mpitsidika sy fahaiza-misarika olona hitsidika ny trano heva,
- Fahaiza-mandresy lahatra ny mpitsidika sy manazava ny tetik'asa
- Fanehoana ireo singa entina manazava ny tetik'asa. Anisan'izany ireo fitaovana nentina nanatanteraka ny tetik'asa sy ny vokatra azo avy aminy.

5. Tetik'asa vaovao isan-taona no entin'ny isam-pokonolona na isam-pileovana mifaninana any amin'ny FOTASA Nasionaly.

Mety misy fepetra hafa na fanatsarana apetraky ny mpikarakara dia ny Foibe amperin'asa mba hanatsarana ny FOTASA sy hamaliana ny filàna izay miseho ka anjaran'ny mpandray anjara tsirairay no manaraka izany.

## Ny hiran'ny FOTASA

*Ny Menafify no misy*
*Vonona hiatrika ny ho aviny*
*Satria Andry sy Sahy.*
*Ny Menafify no misy*
*Mandray an-tànana ny fiainany*
*Satria lehilahy.*
*Ka mampiseho, maneho*
*'Reo asa rehetra novokariny*
*Satria talentany*

*Ny Menafify no misy*
*Olona ilain'ny fiaraha-monina*
*Ny Foaran'ny Tetik'Asa re*
*No sehatra anehoany*
*Ireo talenta marobe isam-pokonolona*
*Ka ampirantiany*
*Dia ho hita ao 'reo fahaizana*
*mampitolagaga*
*Ny Menafify no misy*
*Olona ilain'ny fiaraha-monina*



Faly isika rehetra rehefa vita ny asa natomboka. Mino isika fa azo itokisana amin'ny asany ny Tily. Mahatoky, sahy, mahery fo ary maharitra amin'ny asany ny Tily Menafify.

## V.6. Firaisan-kina sy fiaraha-miasa

Isan'ny voafariparitra ao anatin'ny « Charte de Marrakech » ny atao hoe « partenariat » na fiaraha-miasa. Ny Menafify dia sampana misokatra amin'izany mba hampiroborobo ny vontoatim-pitaizana katsahiny. Isan'ny fototra iorenan'ny fomba fanatanterahana tetik'asa izany. Misy karazany maro ny sehatra ahafahana miara-miasa:

- Eo amin'ny samy fikambanana skoto (partenariat multilatéral).
- Eo amin'ny skoto sy ny fikambanana hafa maneran-tany na ny akaiky na ny alavitra (partenariat avec d'autres organisations).

Ny Menafify dia misokatra amin'ireo fa saingy kosa mila fandalinana izany satria tokony ho voafehy ny andraikitry ny andaniny sy ny ankilany anaty fifanarahana mazava (accords de partenariat). Sampana mikendry ny hisehoan'ny fahamatorana sy ny fivelarana ny Menafify. Eto no tokony hametrahan'ilay mpikambana fa nivoatra tokoa ny tenany, ny fiaraha-monina ary ny Fiangonana satria teo izy. Tokony ho tsapa eto izany fa hitohy amin'ny sehatra maro izany fikatsahana fivoarana izany.

Izany dia midika fa sampana saro-piaro amin'ny soatoavina sy fahendrena skoto rehetra ny Sampana Menafify. Satria izy tokoa no sampana mamaritra ny dingana farany lalovana ho an'ny Mpikambana tsirairay.

I Kristy no Mpitarika ny Menafify rehetra satria Izy no manana ny tetik'asa lehibe indrindra dia ny tetik'asa Famonjena.

## V.7. Ny mikasika ny ara-bola eo amin'ny Menafify

Anisan'ny antony iray izay miteraka olana matetika eo amin'ny Fivondronana ny fikirakiran'ny sampana Menafify vola noho ny tetik'asa izay tanterahiny. Ireto manaraka ireto ary ny tsara ho fantatra sy ny tari-dàlana mikasika izany ara-bola izany:

- Amin'ny maha-mpikambana mpitantana ny Komitim-pivondronana dia adidin'izy ireo ny manara-maso ny fandeham-bola eo amin'ny sampana tsirairay avy ary anisan'izany ny Menafify. Noho izany dia manao tatitra amin'ny Komitim-pivondronana araka izay fifandaminana apetrak'izy ireo ny Zokiolona sy ny Loholona.
- Ny vola miditra amin'ny tetik'asa izay tanterahin'ny Menafify dia tsy natao ho an'ny tompon'ny tetik'asa na hifampizaran'ny mpiray Fokonolona na ny mpiray Fileovana akory fa natao ho enti-manana hanatanterahana ny tetik'asa na ny fandaharan'asa na ny hetsika manaraka izay ataon'izy ireo.
- Azon'ny Fokonolona na Fileovana atao, araka izay tapaka eo anivon'ny Filan-kevitry ny Fokonolona na Fileovana, ny manolotra ampahany na manontolo amin'ny vola azon'izy ireo ho fampandrosoana ny Fivondronana na ny Fiangonana misy azy amin'ny alalan'ny fanatanterahana Loko Menafify.

# VI. NY FITSOFAN-DRANO MENAFIFY

Sampana faha-efatra sady farany anabeazana ny tanora ato amin'ny Tily Eto Madagasikara ny sampana Menafify. Ao amin'io sampana io araka izany no anatanterahan'ny mpikambana ireo dingana farany maha-beazina azy ka hahatonga azy ho Vavolombelon'i Jesoa Kristy, ho Olom-pirenena vanona ary ho Andrim-pianakaviana.

Ny torolalana navoakan'ny « Organisation Mondiale du Mouvement Scout » na OMMS tamin'ny Desambra 2011 ao amin'ny boky « Responsabiliser les jeunes adultes - Lignes directrices pour la branche route » dia milaza fa ny hahafahana mandrefy ny vokatry ny Skotisma eo amin'ny fiaraha-monina dia ny fahafantarana ny isan'ny tanora nobeazina tao, tonga amin'ny taonan'ny maha-olon-dehibe azy, miala tsy ho isan'ny beazina intsony miaraka amin'ny faniriana sy ny fahaiza-manao rehetra handray anjara mavitrika amin'ny fampandrosoana ny fiaraha-monina. Io toro-làlana io ihany koa no milaza fa tsy afaka handrefy izany vokatra izany ny Fikambanana Skoto Nasionaly iray raha tsy ferana ny taona maha-beazina ny mpikambana ao aminy. Ny

famerana ny taona maha-beazina ihany koa no hahafahana mamaly ny filàn'ireo tanora mpikambana mba hahatonga azy ireo hahatratra ny zava-kendren'ny skotisma.

Ho an'ny Fikambanana Tily Eto Madagasikara dia ao amin'ny sampana Menafify no handrefesana io vokatra io ka mba hanomezana lanja izany vokatra izany no antony nametrahana ny Tarazo Fitsofan-drano Menafify.

## VI.1. Ny mikasika ny beazina hotsofin-drano

Ny mpikambana beazina Menafify dia ireo tanora lehilahy 19 ka hatramin'ny 25 taona. Ireto manaraka ireto ary ny fepetra arahina mikasika ny beazina ho tsofin-drano.

Ireo beazina hotsofin-drano dia izay:

- mamarana na mihoatra ny faha-25 taonany,
- miaina ny ambaratonga farany ao amin'ny Menafify dia ny Mahatsangy No àry,
- nahavita tetik'asa tamim-pahombiazana ka nahatanteraka ny tatitra an-tsoratra mahakasika izany. Io tatitra an-tsoratra io no lova apetrany ho an'ireo zandry mba ho azon'izy ireo trandrahana.
- manana vinavina tetik'asa manokana hiatrehany ny fiainany ka mahavita izany ho boky.

Mety misy singa na fepetra hafa manamarika fa efa olon-dehibe tsy tokony ho beazina intsony ny Mpitarika iray ka anjaran'ny Zokiolona ny mamantatra izany. Anisan'izany ohatra ny ara-pianakaviana na arak'asa. Ohatra amin'izany raha efa manam-bady aman-janaka ilay mpikambana Menafify na efa manana ny anton'asa fivelomany. Amin'ireo sehatra ireo dia efa olon-dehibe manana ny toerany sy ny andraikiny eo amin'ny fiaraha-monina izy ka tsy tokony ho beazina intsony.

## VI.2. Ny Tarazo fitsofan-drano Menafify

Mialoha ny fitsofan-drano dia omena fotoana handini-tena ilay Menafify. Ny fandinihan-tena ataony dia tomban'ezaka hamantarany na nahatratra izay nokendren'ny Fikambanana Tily Eto Madagasikara taminy izy na tsia. Avoakany an-tsoratra mandritra io fandinihan-tena ataony io ny fahavononany na tsia ho Vavolombelon'i Jesoa Kristy, ny fahatsapany raha olom-pirenena vanona sy andrim-pianakaviana izy na tsia. Apetraka ao anatin'io taratasy vokatry ny fandinihan-tena ataony io ihany koa izay fomba hitany na eritreretiny hiainana izany maha-vavolombelon'i Jesoa

Kristy sy maha-olom-pirenena vanona ary maha-andrim-pianakaviana azy izany ary anomezany ohatra mazava. Atolotra ny Zokiolona ny tatitry ny fandinihan-tena nataony rehefa vita.

Ny faharetan'ny fandinihan-tena dia miankina amin'ny tsirairay na ny fandaminan'ny Zokiolona ka rehefa vita izany dia miroso amin'ny Tarazo fitsofan-drano Menafify amin'izay ka toy izao ny fizotrany:

- Manao fifamoriana lehibe ny Fivondronana iray manontolo. Atao ny hiaka sy ny hira: "Indreto vonona".
- Milaza ny antony anaovana izao lanonanana izao ny Toniam-pivondronana dia ny hanatontosana ny fitsofan-drano Menafify.
- Miantso ilay Menafify ny Zokiolona: "Ry ...(tononina ny anarany)... Tonga izao ny fotoana handaozan'ise ireo zandry. Inona no hafatra tian'ise hambara?"
- Mamaly ilay Mpitarika: "Ry rahalahy sy zandry, izao no hafatro ...(dia ambarany izay tiany hambara)... ary ity misy tetik'asa tsara volavola, indro apetrako hodinihinareo izany. Tsarovy lalandava fa mpirahalahy isika."
- Mamarana ny Tonia ary misolo tena ny fikambanana manolotra marika ho voalohan-karena (Vola « Ariary aluminium »).
- Faranana ny fotoana: hiraina ny "Ho tiavinay".
- Atao ny fotoam-piavavahana fohy,
- Dia manao boribory avy eo mihira ny "Raha hifandao".

Ny endrika hafa rehetra hanamarihana ny fitsofan-drano Menafify dia ny isam-pivondronana no mamaritra ny azy. Mety ohatra ny fanaovana hanim-pitoloha amorom-patana anaty fisindana na lasy. Azo atao koa ny manao ny fitsofan-drano Menafify eo anatrehan'ny Fiangonana ho fampahafantarana ny vokatry ny fanabeazana skoto sy ho fijoroana vavolombelona. Fankaherezana hatrany no hatao mba ho vavolombelon'ny fitaizana skoto natao azy izy ka hamiratra amin'ny ho aviny manontolo.

Raha toa ka tsy voaantso ho mpiandraikitra ny Menafify ho tsofin-drano dia atoro azy ny fombafomba rehetra hahafahany mirotsaka ho isan'ny Tily tranainy izay rafitra mijoro isam-pivondronana.

Farany dia aseho hatrany amin'izay rehetra atao ny firahalahiana Tily.

## **VI.3.** Club

Aorian'ny fitsofan-drano dia miala tsy ho isan'ny beazina Tily intsony ny Menafify. Misy fomba hafa anefa ahafahana mikolokolo hatrany ilay faniriana ho Vavolombelon'i Jesoa Kristy, ho Olom-pirenena vanona ary ho Andrim-pianakaviana dia ny fananganan'ireo notsofin-drano « Club ».

Maro ny firenena mampiasa ity fomba fibeazana ity izay ivelan'ny maha skoto kanefa kosa voizina sy amporisihina mba ahafahan'ireo Tily notsofin-drano mahaleo tena (autonome) amin'ny fiainany. Miara manohy tetik'asa eny ihany izay afaka miaraka ary tsy manadino ny maha Tily saingy ny rehetra ataony dia azy manokana ary tsy misy ny firohizany amin'ireo amperin'asa akory afa-tsy ny maha mpirahalahy ihany.

# TENY FAMARANANA

Isaorantsika an'Andriamanitra noho ny fitantanany ny Sampana Menafify nandritra izay taona maro izay, ka nahafahany koa nametraka ity boky ity ho eo ampelatanan'ise.

Raha tsiahivintsika kely dia miisa telo amin'ity boky ity no natao ho torolalana ho an'ny Mpitarika sy ny Zokiolona. Ilay Voalohany, "MPITARIKA" no nitarika, nisava ny lalana nodiavin'ny Sampana; nohatsaraina izy io ka "VONTADIN'NY MPITARIKA" edisiona voalohany no nandimby azy. Mizotra mankany amin'ny fivoarana hatrany isika, ka ity edisiona faharoa vakian'ise ity kosa dia noezahina ho amin'ny antsipirihiny sy ho feno ka mamaly ireo fanontaniana mateti-pitranga hoe: "Inona marina na ahoana ny fiainana ny skotisma amin'ity Sampana Menafify ity?"

Torolalana, izany hoe fitaovana entina hanamoràna ny fahitana ny lalan-kizorana, ka noraketina ato anatin'ireto pejy maromaro ireto. Fitaovana ahafahana mahafantatra ny toerana iaingana, ny lalana hodiavina rehetra, ny mari-dalana, ary ny tanjona tsara hiafarana. Ny fahazotoan'ise mamaky, mampihatra ary mizara izay voarakitra ato no antoky ny fahombiazan'ny fanabeazana skoto ho an'ny Mpitarika manodidina an'ise.

Menafify, andry sy sahy, ho mpitarika tena lehilahy, vonona hifampitady, mba ho sampana tomady, menafify no ijoroana, menafify manam-pinoana.

RASAMIMANANA Amédé Tahiry T.
Filoha Mpanampy Tari-panofanana Nasionaly
Sampana Menafify,
Ekipa nasionaly 2014-2018.

# TOVANA 1: HIRA FILAMATRA MENAFIFY

## MENAFIFY MPITARIKA

Tonony sy Feony : Filoha RABEMANANJARA Marcel
(dit Rabe Avaratra) - 2007

Do dia G    4 / 4    Mientanentana

```
|.,s,: s,.,s,| d  : d |m.,m: m,d,m| s : - |.,d: f.,s |l.,l : f.,m | r.,r : m.,f |s.,s : m.,r | d.,d : -.,r |
 Za- tovo-    mia-  ra- mila- n'iKri- sty      Ny Mena- fify no mi jorohandrosoha trany tsy hi koro Ha-

| r.,r : r.,m | r.,d : t,.,d | r : r | r : l.,s |f.,f : f.,m | r.,r : s.,f |m.,r : m.,f | s.,s : l.,l |
 ndeha mba hana- mafy ho mpi- ta- ri- ka Na fi- teny na fi- tafy ny to- etra hana- mafy Mena-

| s.,s : d.,r | m : r | d : r | m : l.,l |s.,s : d.,r | m : r | d : - | :s,.,s,|
 fify no fi- ta- ra- tra Mena- fify no fi- la- ma- tra Mena-

| m : -.,m | r : s.,f | m : d | - : f.,s | l : l.,l | s.,s : f.,f | m : m | - : s.,s|
 fi- fy a- ndry sy sa- hy Ho mpi- ta- rika tena lehi- la- hy Vono-

| f.,f : f.,m | r.,r : s.,f | m.,r : m.,f |s.,s: l.,l |s.,s : d.,r | m : r | d : r | m : l.,l |
 na hi- fampi- tady mba ho sampana to-mady Mena- fify noijo- ro- a- na Mena-

| s.,s : d.,r | m : r | d : | : |
 fifyma- nam-pi- no- a- na
```

1. Zatovo miaramilan'i Kristy,
   Ny Menafify no mijoro
   Handroso hatrany tsy hikoro
   Handeha mba hanamafy ho mpitarika.
   Na fiteny na fitafy,
   Ny toetra hanamafy,
   Menafify no fitaratra,
   Menafify no filamatra.

2. Zatovo miaramilan'i Kristy,
   Ny Menafify tena sahy
   Ho ampinga ho enti-miady
   Ho vonona hiatrika fiainana
   Mba ho tena fahazavana,
   Mijoroa, mitsangana,
   Menafify no mamokatra,
   Menafify, io no vokatra

<u>Fiverenana</u>:
Menafify, andry sy sahy.
Ho mpitarika tena lehilahy,
Vonona hifampitady,
Mba ho sampana tomady.
Menafify no ijoroana,
Menafify manam-pinoana.

# TOVANA 2: HIRA FIANTSOANA MENAFIFY

## FEO MIANTSO

Tonony sy Feony : Filoha Ratsimbazafy Samy
(TETSO Miantsa) - 2010

Do dia Db 4 / 4 Mientanentana

```
: .s, | d  : s,.,d | m  :  .,f | m.,r  : d.,r |    : .,f | m.,r   : d.,r |    : d.,r | m.,f : m.,r |     : .,s, |
I-      njao  misy   feo    mi-   antso  anao       Ha-   ndroso  ho ao       an-ta  -nà   - na ao         I-
                                                                                                   D.C.
| d  : s,.,d | m  :  .,f | m.,r  : d.,r |    : .,f | m.,r   : d.,r | .,m : r.,d | -   :    |   : d.,d |
  njao  misy   feo    ma-  nainga  anao     Han droso ho  Mpita-   ri  - ka ao                  Ho mpi-

| f  : f.,f | f.,f  : s.,f | m.,m : f.,m |    : .,m | r.,r   : r.,m | .,r : r.,s, | m.,m : m.,f | -.,m : m.,d |
  ta  - rika hampandroso  fire-    nena      Ha-   nampy   ny na-  ma -na, ha nao fi -rotsa -  ha  - na Hi-

| f.,f : f.,f | f.,f : s.,f | m.,m : f.,m |    : .,m | r.     : r.,t | .,l : l.,s, | -  :  -  |    : .,s, |
  tory  ny Fi -  laza -ntsara no ke -ndrena   Ka   'ndao    hia  - ra - ka ao                        I-

| d  : s,.,d | m  :  .,f | m.,r  : d.,r |    : .,f | m.,r   : d.,r | .,m : r.,d | -   :    |   :    |
  njao  misy   feo    ma-  nainga  anao     Han droso ho  Mpita-   ri  - ka ao
```

Injao misy feo miantso anao
Handroso ho ao an-tanàna ao
Injao misy feo manainga anao
Handroso ho mpitarika ao

*Averina araka izay ilaina mandra-pahatonga ny rehetra eo amin'ny fifamoriana.*

Ho mpitarika hampandroso firenena
Hanampy ny namana
Hanao firotsahana
Hitory ny Filazantsara no kendrena
Ka ndao hiaraka ao

Injao misy feo manainga anao
Handroso ho mpitarika ao

# TOVANA 3 : HIRAN'NY FOTASA MENAFIFY

## FOTASA MENAFIFY

Do dia D 4 / 4 Marisidrisika Tonony sy Feony : Filoha Rabe

| .s, : s,.s, |m.m : -.s, | m.m : | m.m : m.m | -.m : r.d | t, : d.r | -.r : r.m | f.f : m.r | .s, : s,.s, |
Ny Mena- fify no misy Vono - na hia tri - ka ny ho a - viny sa - tria Andry sy Sahy Ny Mena-

| f.f : -.s, | f.f : -.s, | f.f : -.f | -.f : m.r | d : r.m |-.m : m.f | s : f.m | .d : d.d |
fify no misy Ma- ndray a nta - na - na ny fiai - nany sa - tria le - hilahy Ka mampi-

| s.s : -.d | s.s : -.d | s.s : s.s | -.s : f.m | r : m.f | -.f : f.m | r : m.f | .s, : s,.s, |
seho ma - neho 'Reo asa rehe - tra novo- ka - riny sa -tria ta - le - ntany Ny Mena-

D.C
|m.m : -.s, | m.m : - | r.r : r.r | -.r : d.t, | r : d.d | - : - | - : | : |
fify no misy Olo - na ilai n'ny fiaraha - mo - nina

$
| l : l.l | l.l : -.t | d' : d' | t : l | s.s : s.f | m.f : -.s | - : - | : |
Ny foara n'ny te - ti - k'a - sa re no seha - tra anehoa - ny

| l : l.l | l.l : l.t | d' : d'.d' | t.l : -.d' | - : -.t | t : -.t | t : l | s : f |
I reo ta -lenta maro - be isam- poko n'o - lo - na ka ampi - ra ntia - ny

| m : -.m | m.f : -.s | - : s.s | f : m | r : r.r | r.m : -.f | -.f : - | -.s, : s,.s, |
Dia ho hita ao 'reo fa hai - za - na mampi tola - ga - ga Ny Mena-

D.S
|m.m : -.s, | m.m : - | r.r : r.r | -.r : d.t, | r : d.d | - : - | - : | : |
fify no misy Olo - na ilai n'ny fiaraha - mo - nina

Ny Menafify no misy
Vonona hiatrika ny ho aviny
Satria Andry sy Sahy.
Ny Menafify no misy
Mandray an-tànana ny fiainany
Satria lehilahy.
Ka mampiseho, maneho
Reo asa rehetra novokariny
Satria Talentany.
Ny Menafify no misy
Olona ilain'ny fiaraha-monina.

Ny Foaran'ny Tetik'asa re
No sehatra anehoany
Ireo talenta marobe isam-pokonolona
Ka ampirantiany.
Dia ho hita ao
'Reo fahaizana mampitolagaga
Ny Menafify no misy
Olona ilain'ny fiaraha-monina.
} In-2

# FISAORANA

Ny Foibe Tily eto Madagasikara dia manantitra ny fisaorana manokana ireo niara-nisalahy ka nanohana tamin'ny fomba maro samihafa ary nahafahana nahatanteraka izao Boky izao:

- Ny Filoha Foibe Tily sy ny Mpiraidia aminy rehetra indrindra ny Departemantan'ny fanabeazana nifandimby.
- Filoha isan-tokony :

Robert EDOUARD – Rakotoniaina Narivelo - Sitry – Nenety - Razafinarivo François - Rakotoarisoa Hubert Jaona - Vitsika Mpitarika - Armand Andrianasolo - Rakoto Rakotomalala Rivonirinharinala - Akomba Mazoto - Jean Marc Rajaofetra - Haja Randriambolajaona - Rabemanantsoa Hery – Sam Sammy – Avahy Mahavita – Koera Misôma – Randrianirina Victor – Pasteur Tiburce – Tsivongo Mazoto (Antsirabe) – Sefo Solofo (Antanimena Atsinanana) – Sefo Fetra - Andry JACKS - RAZAFIMANDIMBY Andrianjaka Rado - SOKY Mahavatra - RAZAFINDRALAMBO Andriamamonjy Eddy - RABEMANANJARA Marcel - RASAMIMANANA Tahiry - RATSIMBAZAFY Samy (Tetso Miantsa) – HERY NIRINA Simon

- Ny Tonia sy Mpiandraikitra ary ny Menafify isany: Rasolonirina Bekoto Edmond - Rajaonarisoa Tokimalala - Ramanilisata Onjanirina - Ramaronirina Ravaka - Rasamimanana Tivo Hely - Razafindrabe Rado Samoela (Mainty) - Lala Ramangasalama - Rajoelison Vonjitiana Bally - Andriarisoa Laza – Rakotondrabe Andriamanantsoa Tiana – Piza Herilalao – Randriazanaka Jean Emilien – RATIVO NIAINA – Ratolojanahary Ando Tahiry Harisse – Ramahazomanana Serge JD – Andrianaivoravelona Imbinintsoa – Rakotondrajaona Ranja – Rakotondrazato Fanomezantsoa – Ramex – Rija
- Ireo rehetra nanampy tamin'ny fomba maro samihafa nahafahana nanatontosa izao tahirin-kevitra izao

Hiaro anareo anie i Kristy.

… Lisitra mbola tsy feno …